# LOVA AVY AMIN' ANDRIAMANITRA

Nosoratan'i Margery Herinirina




Herinandro Fiaraha-mivavaka Nomanin'
Ny Departemanta Miadidy Ny Vehivavy

Fivondronamben'ny Federasionan'ny Fiangonana Advantista
Ranomasimbe Indianina

# LOVA AVY AMIN'



# ANDRIAMANITRA

| | |
|---|---|
| Alahady 3 Jona | LOVAN'NY FINOANA |
| Alatsinainy 4 Jona | MAMPITA IREO ZAVATRA MANAN-DANJA (SOA-TOAVINA) INDRINDRA AMIN'NY ZANATSIKA (Fizaràna voalohany) |
| Talata 5 Jona | MAMPITA IREO SOATOAVINA SY ZAVATRA MANANA TOMBAM-BIDY AMIN'NY TARANAKA (Fizaràna Faharoa) |
| Alarobia 6 Jona | FANIRIANA DISO FIANTEFA |
| Alakamisy 7 Jona | NY FIFANDRAISANA SY NY FIFANKAHAZOANA AM-PO EO AMIN'NY RAY AMAN-DRENY SY NY ZANAKA |
| Zoma 8 Jona | NAMPINDRAMINA SY NINDRAMINA |
| Sabata 9 Jona | NOTAHINA MBA HITONDRA FITAHIANA "MIARAKA AMIKO ANDRIAMANITRA" |

Novokarin'ny Departemanta Miadidy ny Vehivavy,
Fivondronamben'ny Federasionan'ny Fiangonana Advantista
Ranomasimbe Indianina

**Sabata 02 Jona - Hariva**

# Lova avy amin' Andriamanitra

Tonga indray isika amin'ity herinandro fiaraha-mivavaka ity. Mino aho fa noho ny fahasoavan'Andriamanitra, ireo volana vitsivitsy izay efa nodiavintsika nandritra ity taona 2018 ity dia nanampy antsika hanatona an'Andriamanitra, hifaly ny amin'ny fahasoavany, ary nanao fanandramana vaovao niaraka taminy na dia tao anatin'ny fotoan-tsarotra aza.
Ny herinandro fiaraha-mivavaka izay hotanterahintsika amin'ity taona ity dia hifantoka amin'ny fanabeazana ireo zanatsika. Misaotra an'Andriamanitra isika rehetra noho ireo haren-tsarobidy izay nomeny antsika ireo. Ny zanaka dia fitahiana sy lova avy amin'Andriamanitra. Ny reny no tena ivon'ny fiainan'ny ankizy, izy no mifandray aminy voalohany raha vao teraka izy. Hatramin'ny fahaterahana, ny fahatanorana ary, eny mihoatra noho izay aza dia manana fifandraisana manokana amin'ny reny ny zaza.

Herinandro fiaraha-mivavaka natao ho an'ny vehivavy izy ity saingy asaina ny rehetra mba hanatrika izany. Miresaka amin'ireo reny izahay, kanefa miantefa amin'ireo ray aman-dreny amin'ny ankapobeny ihany koa ny hafatra izay ampitaina. Heverinay fa na ireo tanora aza dia afaka handray tombontsoa amin'izany.

Izaho no nanomana ity tahirin-kevitra ity, saingy ny ampahany betsaka amin'ny votoatiny dia notovozina avy amin'ny tahirin-kevitra maro samihafa izay miresaka mahakasika ity lohahevitra midadasika ity. Etsy an-daniny dia tsapako ny maha-sarobidy ity lohahevitra ity, ary mora ny miresaka azy noho ny mampihatra. Etsy an-kilany koa anefa dia miaiky ny tsy fahatanterahako aho, saingy faniriako, eo ambanin'ny fahasoavan'Andriamanitra, ny hitondran' ireto famelabelarana ireto fitahiana eo anivon'ny tokatranontsika ary hanampy antsika hamita ny adidy amin'ny maha-ray aman-dreny isika amin-kery sy faharesen-dahatra bebe kokoa.

Ireo zaza nomen'Andriamanitra antsika ireo dia tokony horaisintsika amim-pitiavana, ho- lalaintsika, homentsika izay ilainy, ho-beazintsika ary indrindra indrindra hoentintsika eo amin'Andriamanitra ilay Raintsika be fitiavana.

Indro misy andalan-teny nosoratan'i Ellen White atolotro anareo ary mirary herinandro mahafinaritra eo ambany fiahian'Andriamanitra ho antsika rehetra aho.

"Ireo mitandrina ny didin'Andriamanitra dia hihevitra manokana ny zanany amin'ny fihetsehampo lalin'ny fanantenana sy fitiavana. Tokony hanontany tena ny tsirairay hoe inona no anjara toerana tazoniny manoloana ny ady mafy izay atrehin'izy ireo. Ny reny sahiran-tsaina iray dia hanontany tena hoe: « Làlana mankaiza no hosafidiny? Inona no azoko atao mba hanomanana azy sy hahatonga azy ho vonona ka ho isan'ny mpandray anjara amin'ny fiainana mandrakizay?"

Midadasika ny adidy napetraka amintsika reny. Na dia tsy manana toerana ao amin'ny antenimieram-pirenena aza ianao,... dia afaka manatanteraka asa goavana ho an'Andriamanitra sy ho an'ny firenenao. Azonao atao ny manabe ireo zanakao. Azonao atao ny mamolavola azy ireo hanana toetra tsy mety elingelenin'ny ratsy, fa ho amin'ny tsara mandrakariva kosa. Amin'ny alalan'ny vavaka mafana ataonareo, dia ho azonareo atao ny mampandeha ny milina izay mety hampandroso ity izao tontolo izao ity. » FC 255.2



Ny mpanomponareo,

Margery Herinirina

Talen'ny Sampana Miadidy ny Vehivavy
sy ny Ankizy
Fivondronamben'ny Federasioanan'ny Flangonana Advantista
Ranomasimbe Indianina



# Lovan' ny finoana

Amin'ny maha-ray aman-dreny antsika, ny faniriantsika voalohany indrindra dia ny hahatonga ireo zanatsika ireo ho mpandova ny fiainana mandrakizay miaraka amintsika. Sarobidy kokoa ny famonjena azy ireo noho ny fananany asa tsara, na fahombiazana eo amin'ny sehatry ny maha-olombelona. Ireo karazana fahombiazana ireo mantsy dia mandalo ihany, fa ny finoana ihany no afaka manavotra sy manome fahafahana handova ny fanjakan'Andriamanitra.

Na izany aza, ny zavatra tsikaritra dia izao: betsaka amin'ireo zanatsika no mandao ny fiangonana ary ny tatitr'ireo salanisa dia mampahatahotra be ihany. Raha toa ka ny finoana no tokony hofikiriny, dia toa any an-kafa indray izy ireo no miantoraka. Ao amin'ny Lio 15, ny Baiboly dia miresaka mahakasika ilay ondry very sy ny fikarohana tsy misy fepetra nataon'ilay tompony. Amin'izao fotoana izao, eo anivon'ny fiangonana kristianina, tsy iray amin'ny zato intsony no very fa mihoatra mihitsy aza. 45-65% amin'ireo tanorantsika no mandao ny finoana, izany hoe raha misy olona zato dia ny dimy amby efa-polo ka hatramin'ny enina amby dimampolo amin'ireo no misintaka. Tsy hilaza aho hoe mitsimbadika ny salanisa, fa mampatahotra kosa izany.

**Ny lovan'ny finoana 2 Tim 1:3a**

Ny Baiboly dia milaza fa ny ray aman-dreny dia mpampita ny finoana. Ny tantaran'i Timoty dia ampiasaina tsara mba hahatakarantsika ny adidin'ny ray aman-dreny eo amin'ny fampitàna ny finoana. Ny apôstôly Paoly dia manazava tsara izany ao amin'ny Timoty faharoa, toko voalohany sy faharoa. Ao amin'ny andininy fahatelo, dia maneho fisaorana an'Andriamanitra izy noho ny finoana sy ny fahatokiana nananan'i Timoty. Ampahatsiahiviny amin'izany ny fomba nahazoany io haren'ny finoana io. Resahiny manokana ny mahakasika ny harena ara-panahy ananany ao amin'ny andininy faha-3: "Izay tompoiko araka ny nataon'ny razako", Tahaka an'i Abrahama, Isaka, Jakoba, Mosesy, Davida ary Elia sy ireo hafa teo alohany. I Paoly dia avy amin'ny taranak'i Benjamina. Rôm. 11:1: *« Dia hoy izaho: Sao narian'Andriamanitra anie ny olony? Sanatria izany! fa izaho koa mba Isiraelita' taranak' i Abrahama ihany, avy amin' ny firenen'i Benjamina. »*. Paoly dia natsangana mba ho isan'i mpandova ny finoana tamin'ny alalan'ny fanokanany ny fiainany ho an'ny Mesia, ary ny nahatongavany ho mpanompon'Andriamanitra. Tahaka an'i Paoly, izay isan'ny mpandova ny finoana, Timoty ihany koa dia niditra teo amin'ny laharan'ireo patriarika sy mpaminany ary mpiahy azy, dia Paoly izany, tamin'ny alalan'ny finoany sy ny fanompoany.

Ny lovan'ny finoana dia tsy tongatonga ho azy. Vokatry ny dingana maro natao am-pitandremana sy tamim-pahamalinana fatratra izany. Raha tiantsika ny hametraka ny haren'ny finoana ho an'ireo zanatsika, dia ilaintsika ny mampihatra ireo torohevitra efatra izay lazain'i Paoly ao amin'io andalan-teny io.

**1. Ny lovan'ny finoana aorina amin'ny alalan'ny hery miasa mangina - and 5**

Tsara ny manasongadina ny fanamarihana izay nataon'i Paoly mahakasika ny finoana nananan'i reniny sy ny reniben'i Timoty, ary ny hery miasa mangina nentin'izany teo amin'ity zatovo ity. Eo amin'ny andininy fahadimy dia izao no lazain'i Paoly: «*finoana tsy mihatsaravelatsihy izay ao anatinao, izay nitoetra taloha tao anatin'i Loiza renibenao sy Eonika reninao, ary matoky aho fa ao anatinao koa izany.* » Io andininy io dia hahafahantsika manao indray mitopy maso ireo ray aman-drenin'i Timoty sy ireo taona nahafahany nivelatra. Ny bokin'ny Asan'ny Apôstôly dia milaza amintsika fa ny renin'io tovolahy io dia mpino Jiosy, ny rainy kosa dia grika. Mety ho 17 na 18 taona teo i Timoty tamin'ny fotoana faharoa namangian'i Paoly ny tanànan'izy ireo. Izany hoe, amin'ny ankapobeny, efa nisafidy ny làlana hizorany sy izay hitokiany eo amin'ny fiainany izy. Araka ireo asa fikarohana maro samihafa, ny ankamaroan'ireo kristianina (eo amin'ny 32% eo ho eo) dia manaiky an'i Kristy mialoha ny faha-13 taonany, ary 5%-n'ireo ankizy eo anelanelan'ny faha-15 sy faha-20 taona no manao ho soatoavina fototra ny zavatra ara-panahy. Taiza, ary tamin'ny fahafiry taonany no nianaran'i Timoty ny filazantsaran'i Jesôsy Kristy? Iza no nampianatra azy ny Soratra Masina sy nikolokolo ny finoany? Iza no nitondra azy tany am-piangonana sy nanefy ny fiainana kristianina ho azy? Ny reniny sy ny renibeny! Ny finoan'izy ireo sy ny fahatokiany no nahafahany nanorina ny haren'ny finoana ho an'i Timoty. Ny ohatry ny finoana nasehon'izy ireo no nisy fiantraikany teo aminy ka nametrahany ny finoany ho eo amin'i Jesosy Kristy sy nidirany ho eo amin'ny laharan'ny ekipa misiônera notarihin'i Paoly rehefa nandalo teo amin'ny tanàna nonenan'izy ireo izy. Mariho ny hery miasa mangina nalefan'ilay reny ho eo amin'ny zanany. Lehibe tao amin'ny tokantrano nahitana fifangaroana ara-pirazanana sy ara-pivavahana i Timoty. Ny rainy dia jentilisa, ny reniny kosa jiosy. Azo heverina fa samy nampihatra ny finoany na ny an-daniny na ny an-kilany. Ny Baiboly dia tsy miresaka firy ny mahakasika ilay dada (papa), fa ny fiainana maneho ny ohatra maha-kristianina nasehon'ilay reny sy ilay renibe izay nisy fiantraikany tamin'i Timoty no nasongadiny.

**2. Ny lovan'ny finoana aorina amin'ny fahalalana ny soratra masina (and 13 sy 2 Tim 3:14-17)**

Ao amin'ny 2 Tim 3:14-17, i Paoly dia mangataka amin'i Timoty mba hihazonany izay nianarany tamin'ny reniny sy ny renibeny. *"Fa Hianao kosa dia mahareta amin'ny zavatra nianaranao sy nampinoana anao satria fantatrao izay nampinoana anao izany. Fa hatry ny fony vao zaza Hianao dia efa nahalala ny soratra masina izay mampahahendry anao amin'ny finoana izay ao amin'i Kristy Jesosy. Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho handresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra.* »

Ny hevi-dehibe aroson'i Paoly dia ny mba «*hitohizana amin'ny faharetana amin'izay efa nianarana sy maharesy lahatra* ». Eto amin'ity tontolon-kevitra ity, ny teny hoe mitohy dia midika hoe « *mijanona, mitoetra, monina* ».

Ny ambarany dia hoe: tsy maintsy miaina ireo tombambidin'ny finoana kristianina isika, izay ivon'ny maha-isika antsika mihitsy. Ny Baiboly no mibaiko ny fitondrantenantsika. Ny Baiboly no mamaritra ny marina sy ny diso. Izany no tian'i Paoly hambara raha niteny tamin'i Timoty izy hoe "hanohy" izay efa nianarany.

Ny tenin'Andriamanitra no loharano azo antoka indrindra amin'ny fanorenana ny finoana. Difotr'ireo karazana torohevitra ho an'ny fanabeazana ny ankizy izay toa ambara fa kristianina isika, kanefa ireo tahirin-kevitra tena ara-Baiboly dia toa mahalana vao hita. Ireo mpandinika manokana ny fiaraha-monina dia manome torohevitra toa mifanipaka, satria isan-taona isan-taona izy ireny dia miova, fa ny torohevitra izay voizina ao anatin'ny Baiboly kosa dia tsy miova, ary maharitra ho antsika. Eto anivon'ity izao tontolo izao izay feno fisalasalana sy fahotana ity, Andriamanitra dia miresaka mandrakariva amin'ny fianakavian'izao taonjato misy antsika izao amin'ny alalan'ireo fahendrena sahaza ho an'ny fotoana rehetra. Hanampy antsika ho tonga ray aman-dreny araka izay andrasana amintsika izany. Ny tenin'Andriamanitra dia tsy tokony ho tsinontsinoavina mihitsy eo anivon'ny fianakaviana. Fahadisoana lehibe ny fanalavirana izany amin'ireo zanatsika.

**3. Ny lovan'ny finoana azo avy amin'ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana (6-7)**

Eo amin'ny andininy faha 6-7, i Paoly dia mangataka azy mba hamelona ny afon'ny fanomezam-pahasoavana izay nomen'Andriamanitra azy. Tamin'ny fotoana nanosoran'i Paoly azy ho eo amin'ny asa fanompoana kristianina no nandraisany izany fanomezam-pahasoavana izany. Azo antoka fa i Timoty dia nila olona hanampy azy hanamafy ny finoany. Nampahery azy i Paoly, manao hoe: "Andriamanitra dia efa nanome ny fanahiny, tsy ny fanahin'ny tahotra fa fanahin'ny faherezana, fitiavana sy fahaizana mifehy tena ». Nanampy azy i Paoly tamin'ny fanorenana ny finoany amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fanomezam-pahasoavana izay nomen'Andriamanitra ho amin'ny asa fanompoana. Ny fiangonana, izany hoe, ny mpitarika sy ny mambra ary ny ray aman-dreny, dia tokony hampirisika ny ankizy sy ny tanora hampiasa ny fanomezam-pahasoavana izay nomen'Andriamanitra azy ireo. Ny fomba fitenin'izy ireo, ny fihetsiny, ny fahafaha-manao omena ireo tanora mba hampivelarany ny fanomezam-pahasoavany dia hanampy azy ireo hanamafy ny finoany.

**4. Ny lovan'ny finoana dia aorina amin'ny alalan'ny vavaka mitohy. (3b-4)**

Ao amin'ny andininy fahatelo, dia izao no teny ampiasain'i Paoly « *ny fahatsiarovako anao amin'ny fivavahana andro aman'alina* ». Tsy midika izany fa nivavaka ho an'i Timoty marain-tsy hariva fotsiny i Paoly. Fanambarana izany fa tsy nitsahatra nivavaka ho an'io namany tanora io izy. Azo antoka fa nanao izany i Paoly nanomboka tamin'ny fotoana nifankahitany tamin'i Timoty amin'ny maha-mpiara-miasa azy ireo teo amin'ny fanaovana ny iraka nampanaovina azy ireo amin'ny fitoriana ny filazantsara. Avy eo dia notohizany izany vavaka ho azy izany rehefa nifanalavitra ny toerana nisy azy ireo. Ary satria tsaroan'i Paoly ny ranomason'i Timoty tamin'ny fotoana nisarahan'izy ireo, dia naniry ny hahita azy indray izy mba hahafeno ny fifaliany. Fa na niaraka tamin'i Timoty mivantana izy na tsia, dia nivavaka ho azy mandrakariva.

Raha tiantsika ny hanorina ny lovan'ny finoana ho an'ireo zanatsika, ny fivavahana mitohy, tsy ankiato dia tena zava-tsarobidy tokoa. Sarotra ny manohy mivavaka mandritry ny fotoana maharitra, saingy mahomby izany. Hevero ny fomba fivavahantsika rehefa misy zavatra mahaporitra antsika iny: rehefa misy loza na olana ara-pahasalamana tampoka, na fahafatesana eo anivon'ny fianakaviana. Amin'ireo fotoana ireo dia toa mora ny mitondra am-bavaka izany mandritry ny fotoana maromaro. Rehefa afaka elaela anefa dia hadinontsika izany ary miova zavatra hafa isika. Misy olona ve entinao am-bavaka isan'andro?

Raha tena sitratsika ny hananan'ireo zanatsika ny finoana an'i Jesôsy Kristy, dia ilaintsika ny mivavaka ho azy ireo, isan'andro. Raha tena irintsika ny hiovan'ny fiainan'izy ireo amin'ny alalan'ny filazantsara, dia tokony tsy hijanona handohalika isika. Raha irintsika marina ny hitomboany sy ny hahatonga azy ho masaka tsara amin'ny finoana, ary hampiasany ny fanomezam-pahasoavana ananany hikarakarana ny hafa, dia ilaintsika ny manandratra azy ireo ho eo anoloan'ny seza fiandrianan'ny fahasoavana. Tahaka ny nataon'i Paoly tamin'i Timoty, dia tokony tsy hitsahatra mivavaka isika. Indraindray isika dia toa difotr'ireo asa aman-draharaha isan'andro ka tsy manana fotoana akory. **Andeha hangataka amin'Andriamanitra mba hananantsika fotoana, andeha hivavaka isika manao hoe:** *« Tompo ô, maniry ny hanokana fotoana hiarahana Aminao aho. Asehoy ahy ny làlana, ny ampaham-potoana, ny toerana tsy misy manelingelina, hahafahako mitady Anao, sy mametraka ireo zanako eo am-pelatànanao.»* **Na aiza na aiza misy antsika dia andeha hivavaka** ; aoka hifampiresaka tsy tapaka amin'ny Tompo mahakasika ny andavanandrontsika. Azontsika resahina Aminy ny zavatra ataon'ireo zanatsika, ny fihaikana izay manoloana antsika. Andeha hoentina eo Aminy ireo ratrantsika, ireo fahadisoam-panantenana, ireo vesatra, andeha ho zaraintsika Aminy ny fifaliantsika, andeha hankasitraka azy noho ny fandresena azontsika.

Izao no lazain'i Ellen White amintsika: *"Tokony hikatsaka ny fanampian'Andriamanitra ny reny. Raha mba nahatsapa ny mahazava-dehibe ny iraka ny reny dia ho imbetsaka izy ireo no ho nanao vavaka mangina, nanolotra ny zanany ho an'i Jesosy, nangataka ny fitahiana ho azy ireo ary nitaky ny fahendrena mba ahafahana manatanteraka izany asa masina izany."*

Ireo andininy vitsivitsy ao amin'ny 2 Tim. 1 sy 2 ireo dia milaza zavatra betsaka amin'ny fanorenana ny lovan'ny finoana ao amin'ireo olona tiantsika indrindra dia ny zanatsika sy ny zafikelintsika izany. Ny finoana dia tsy lovaina fa ampitaina ! Tsy misy olona mankany an-danitra satria kristianina ny ray aman-dreniny, saingy ny ray aman-dreny, ny raibe sy renibe dia afaka manatanteraka zavatra maro mba hampisy hery miasa mangina eo amin'ny finoan'ny zanany sy hamolavolany ny toetra maha kristianina azy.

Ry reny sy renibe malala, inona no ataonao mba hanorenana haren'ny finoana ho an'ny zanakao? Mamaky Baiboly ho azy ireo ve ianao ary mampianatra azy ireo fahamarinan'ny finoana kristianina? Miara-mivavaka aminy ve ianao? Entinao any am-piangonana ve izy? Mamolavola toetra kristianina mahatoky ao aminy ve ianao? Ekenao ve fa izay ataonao sy lazainao rehetra dia manana hery miasa mangina eo amin'ny zanakao? Indraindray mety hisy ihany ny maningana, fa misy ohabolana vahiny izay hita fa marina amin'ny ankapobeny manao hoe "Ny paoma dia tsy milatsaka lavitry ny hazo".

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra isan-tarika**

1. Ahoana no fandraisantsika ny lahatsoratra nosoratan'i Sôlômôna ao amin'ny Sal 127:1-3: *"Raha tsy Jehovah no manao ny trano dia miasa foana ny mpanao azy. Raha tsy Jehovah no miambina ny tanàna dia miari-tory foana ny mpiambina. Zava-poana ho anareo ny mifoha maraina sy ny alim-pandry ka homana ny hanina azo amin'ny fahasahiranana. Izany anefa dia omeny ihany ho an'ny malalany na dia matory aza izy »*

Inona no vahaolana ary ahoana no ampiharana izany eo anivon'ny tokantranontsika?

2. Inona no azontsika atao hanombohana ny fanofanana ireo ankizy ireo araka ny baiko nomen'Andriamanitra?



# Mampita Ireo Zavatra Manan-Danja (Soatoavina) Indrindra Amin'ny Zanatsika (Fizarana Voalohany)

## FIOVANA NA FITOHIZANA

Rentsika mazàna, fa tena ilain'ny ray aman-dreny ny mampita ny zavatra tsara sy manana tombambidy amin'ny zanany. Maheno koa anefa isika, fa amin'izao vanim-potoana mampiroborobo ny teknôlôjia izao, dia zavatra hafa mihitsy no loharanon'ny fahalalana sy mampianatra bebe kokoa ny ankizy, fa tsy ny ray aman-dreny intsony.

**Fiovana sy Fitohizana**

Na tiantsika na tsy tiantsika, dia tontolo miovaova tsy mitsahatra no misy antsika ankehitriny. Noho izany antony izany indrindra, dia miova isaky ny taranaka koa ny kolontsaina, ary mamaritra fomba fiaina, fomba fanao ary fomba fisainana vaovao izany.

Ny fanirian'ny ankamaroan'ny ray aman-dreny anefa, dia ny mba hanarahan'ireo zanany azy – hanohy ny fanajana ireo soatoavina nifandimby, ka izao no lazainy: "Mba manaova ohatra anay, hajao ny soaotavina e ! ". Etsy an-daniny anefa dia hoy koa izy ireo: "Mba manaova ankoatry ny nataonay " izay azo adika hoe "aoka mba tsy hitovy aminay". Manoloana ireo faniriany ireo àry, dia baiko roa samihafa no mianjady amin'ny zanaka, ka ny iray manome fahalalahana, ny iray kosa midika fitohizana (déterminisme). Toa tsy mora ny handraisantsika ireo famaritana roa ireo, nefa azo azavaina toy izao: ilay hoe fahalalahana, dia mamela ny ankizy hitondra fiovana, ary ny "fitohizana" kosa dia midika ho fanohizana izay nataon'ny teo aloha, ny ray aman-dreny, ny tantara, ny soatoavina, ny kolontsaina (…)

Satria ny tokantrano no toerana voalohany, dia ny fianakaviana izany no ivon'ireo filôzôfia roa izay mifanindran-dàlana amin'ny tantaran-draolombelona ireo. Ary rehefa mijery akaiky izao tontolo izao isika no hahita fa ireo dia fepetran'ny fanabeazana ireo, na ireo filôzôfia roa ireo vao mainka mahazo laka arakaraky ny fandroson'ny fotoana. Mandritra ny taranaka maro mifandimby, dia tsapa ny vokatry ny tsy fitohizan'izany fanabeazana izany, nefa etsy an-daniny dia eo dia eo tokoa ny lova miampita amin'ny lafiny ara-kolontsaina sy ara-piarahamonina. Ny ankohonana dia mbola mijanona ho ivontoerana sahaza indrindra ifampitana ny fampivelarana ny fiarahamonina.

Marina tokoa fa noho ny fanabeazana entiny sy ny fifampikasohana isan'andro, dia mampita fitambarana fahazarana na fomba amin'ny taranaka ho avy ny ankohonana. Ekena fa miova ny fianakaviana, kanefa tsy azo antenaina hahatahiry ho toy ny teo aloha ireo vakoka sy lovan'ny fisiana izy. Saingy ankehitriny izy dia manamora ny fampitana ny tantara sy ny kolontsaina, ary ao anatin'ireny dia samy mahita ny zotran'ny loharano nipoirany ny tsirairay.

Izany filôzôfian'ny fampitana ny kolontsaina na soatoavina izany dia tena ara-Baiboly tokoa. Andriamanitra mihitsy no niteny tamin'ny Zanak'Isiraely hampita amin'ny taranany izay noraisin'izy ireo Tamin'Andriamanitra. " *Dia ampianaro tsara ny zanakao izany* " (Deot 6.7a).

Irin'ny Tompo ny hampitoetra ireo fampianarana, fomba fiaina ary soatoavina ireo amin'ny taranaka mifandimby. Manamafy izany izay voalaza ao amin'ilay andininy, mandidy ny hanaovana izany mandritra ny fotoana iarahan'ny ray aman-drany amin'ny zanany: « *ary resaho, na mipetraka ao an-tranonao ianao, na mandeha any an-dalana, na mandry, na mifoha* » Deot 6 : 7b.

**Misy fanontaniana roa lehibe izay tokony heverintsika tsara mikasika ny fiampitan'ny soatoavina.**

**1. Iza no tokony hampita ny soatoavina ?**

**2. Inona no tiantsika hampitaina ?**

### Ireo mpampita ny soatoavina

Tsy ny ankohonana irery tsy akory no mpampita ny soatoavina. Mety ho olon-kafa ankoatry ny fianakaviana no mpampita ny fahalalàna sy ny fomba: ny any an-tsekoly ohatra, ny any am-piangonana, ny namana, ary ireo tambajotram-piarahamonina. Mazàna, rehefa tsy tanteraky ny ray aman-dreny io andraikitra io, na misy tandrevaka ny fiatrehany izany fampitàna soatoavina izany, dia ho-fenoin'ny hery miiba hafa avy eo amin'ny fiarahamonina ny banga: hery tsy manohina ny foto-pisainana madio sy mitandro ny fahamendrehana eo amin'ny fianakaviana.

Araka ny antontan'isa dia ny tambazotram-piarahamonina isan-karazany no maka toerana betsaka eo amin'ny fiainan'ny zanatsika ankehitriny. Raha toa ka rempotry ny fitadiavana sy ny asa aman-draharaha isika ray aman-dreny, ny haino aman-jery kosa dia mamita ny anjara asantsika. Misy zava-tsoa azo avy amin'ny haino aman-jery, saingy satria tsy voara-mason'ny ray aman-dreny ny zavatra jerena sy vakin'ny ankizy, dia misy zavatra mamoafady ampitainy amin'ny ankizy ihany koa.

Mazàna dia miandry ny fiarahamonina, na ny fiangonana, na ny sekoly isika mba hampita ireo soatoavina. Marina fa manana ny anjara birikiny amin'ny fanabeazana izy ireo, saingy tsy mahasolo na oviana na oviana ny andraikitra tokony horaisin'ny ray aman-dreny izany. Raisintsika ohatra ny toeram-pampianarana iray. Ny anjara andraikiny voalohany dia ny mampita fahalalana. Laharam-pahamehan'ny mpampianatra kajy iray ohatra ny mampianatra ny ankizy hanisa sy manoro azy ireo ny fomba fisaintsainana sy fandinihana ny kajikajy.

**Ny Ray aman-dReny no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fampianarana ny soatoavina kristianina**

Izao no tokony hotsarovantsika: tsy mitondra ary tsy manana na inona na inona ny ankizy raha vao tonga ety an-tany. Ary tahaka ny anomezantsika sakafo azy mba hikolokoloana ny vatany sy hitomboany, dia mila fahanantsika ny soatoavina sy fampianarana tsara koa izy mba hivelaran'ny sainy sy ny fahatakarany. Isika no voakasika voalohany amin'ny fampitàna izany fomba kristianina izany amin'ny ankizy.

Izao no voalazan'i Ellen White ao amin'ilay Boky mitondra ny lohateny hoe Hasambarana Tefin'akany: "Ny fomba fitaizana

kristiana mazàna dia misy tandrevaka – Mihambo ho mandroso ery isika amin'ny fomba fanabeazana, nefa ny fitaizana ny ankizy ankehitriny dia indrisy fa tena tsy ampy. Ny fitaizàna eo anivon'ny ankohonana no tena mandringa. Ny ray aman-dreny, indrindra ny renim-pianakaviana, dia tsy tonga saina amin'ny anjara andraikiny. Tsy manana faharetana, fahendrena entina manabe sy manara-maso ireo madinika nankinina aminy ireo."

**Mahafantatra ireo soatoavina tokony hampitaina**

Arakaraky ny ahafantaran'ny ray aman-dreny ny soatoavina ananany, no ahafahany manazava sy mampita azy ireny aminjanany. Inona tokoa moa no tiantsika hampitaina? Tokony ho ireo soatoavina kristianina, ireo hevitra mafonja tsara hitondràna ny fiainana, ahafahana mametraka fefy, mamitrana ny mpikambana ao amin'ny tarika iray. Betsaka ireo soatoavina ary miova arakaraky ny laharam-pahamehana napetraky ny ray aman-dreny izany. Sarotra ny hampita fahalalana sy soatoavina izay tsy ananan'ny tena. Ny mampitombona ny soatoavina iray, dia noho izy tandravadin-koditra amin'ny fomba fiainantsika. Tsy hoe rehefa misy fotsiny, fa ilay antsika mihitsy izay mahasarotiny antsika.

Notsinjarain'ireo mpandinika ny saina sy mpandinika ny asan'ny amparahatoka arakaraky ny sokajiny ny soatoavina. Ireto misy vitsivitsy hotanisaintsika:

- **Soatoavina fototra:** ireo dia ny soatoavina maha-olona toy ny fanomezan-danja ny fahamendrehan'ny isam-batan'olona, fanajàna ny aina, ny fahafahana, ny fanatontoloana.

- **Soatoavina ara-pivavahana:** ny Didy folo, ny fanetren-tena, ny fitiavana, ny fiaikena ny maha-mpanota, ny fanajàna ny natiora amin'ny maha-zava-boarin'Andriamanitra azy (...)

- **Soatoavina ara-pifandraisana: manampy antsika ho tsara** fifandraisana amin'ny hafa: maneho fitiavana, fitoniana, faharetana, hatsaram-panahy, fandeferana, herim-po, fanetren-tena, fangorahana, famelàna.

- **Soatoavina ara-moraly:** miresaka indrindra izay zavatra tsy tokony atao: mamono olona, mangalatra, mijangajanga, ny hakamoana, ary koa mametraka fitsipi-piainana tonga lafatra eo amin'ny fiainana…

Indrisy anefa ho an'ny ankamaroan'ny olona eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika, fa tsy Andriamanitra no apetrany ho loharanon'ny zava-tsoa sy manan-danja indrindra. Ho an'ny sasany dia manomboka amin'ny TENA ny atao hoe manan-danja sy sarobidy fa tsy miantomboka eo amin'Andriamanitra. Ny fiarahamonina dia manome lanja sy mampisongadina ny zavatra toy ny: fanatanjahan-tena fototra, ny lafiny materialy, ny fisehoana ivelany, ny toerana eo anivon'ny fiaraha-monina. Ny gazetiboky natokana ho an'ny ray aman-dreny antsoina hoe 'Parent Magazine' dia nanao fanadihadiana mikasika ny tombambidin'ny fianakaviana. Ray aman-dreny 7000 tamin'ireo nanontaniana no namaly fa tsy dia manahy loatra raha lasa tsy mino ny fisian'Andriamanitra ny zanany, na koa miaraka lahy samy lahy na vavy samy vavy tahaka azy, na miteraka ivelan'ny fanambadiana ara-dalàna, na misara-panambadiana na koa tsy manam-bady mihitsy.

Ny soatoavina eo amin'Andriamanitra mazàna dia tena tsy mitovy mihitsy amin'ny zavatra manan-danja ho an'ny ankamaroan'ny olona eto amin'izao tontolo izao, mety hoe tsy malaza intsony isika, na tsy dia mahomby loatra eo amin'ny asa. Na dia mety hanembantsembana ny fiainantsika aza izany dia mety hoe tokony ho tsara fanahy, mangoraka ny hafa; manao ny marina na dia maharary aza izany.

Azontsika atao ny mamaky ireo soatoavina araka an'Andriamanitra ao amin'ireto toko sy andininy ireto:

* Galatianina 5:22, 23

* 2 Petera 1: 5-7

* 1 Kôrintianina 13

* Eksôdôsy 20

* Matio 5: 3-11

* Rômana 12

Ry aman-dreny malala, indrindra ianareo reny, **inona ireo zavatra heverinareo ho manan-danja indrindra ary inona no ohatra omentsika ny ankizy?**

**Fampiharana isaky ny tarika:**

**Tanisao ny soatoavina heverinao ho manan-danja indrindra sy tokony ampitaina amin'ny taranaka manaraka. Iadio hevitra:**

**Tena nomentsika tombon-dahiny ve ny fampitana amin'ny taranaka manaraka ny soatoavina sy fampianarana ara-Baiboly raha miohatra amin'ny lanjan'ny kolon-tsaina na ny zavatra hafa manan-danja an'ny tena manokana?**

**Moa ve mampanano sarotra antsika ny manavaka azy roa ireo?**

**Inona no zavatra hafa mety hanisy akony ny lanja omentsika ireo soatoavina manokana?**





# Mampita ireo Soatoavina sy Zavatra manana Tombambidy amin' ny Taranaka (Fizarana Faharoa)

## MANABE ANKIZY HO MAROLENTA AMIN'IZAO TAONJATO FAHA-21 IZAO

Maro ny zavatra ampianarintsika ny zanatsika raha ny momba ny fampianarana an-tsekoly no resahina. Mazàna isika dia mihevitra fa iankinan'ny hoaviny mihitsy izany. Tsy dia diso tanteraka akory izany fomba fijery izany. Zava-dehibe tokoa ny fampianarana an-tsekoly. Mampirisika ny ray aman-dreny mihitsy aza ny tenako mba tsy hanao ambanin-javatra na hanao tsinontsinona  izany. Malahelo sady tohina ny foko indraindray rehefa mahita ny ankizikely tsy mandeha an-tsekoly, ary ampiasan'ireo ray aman-dreny hampidi-bola ao an-tokantrano. Tsy tokony ho hita eo anivon'ny tokantrano kristianina izany, indrindra amin'izao taonjato fahiniraika amby roapolo izao. Saingy ilaina koa angamba ny mametraka fanontaniana hoe: fahaiza-miatrika fiainana karazany firy tokoa moa izany no tena ampianarintsika ny zanatsika. Moa ve ny fampianarana an-tsekoly mahasahana ny momba ny olombelona manontolo ? Moa ve izany ireo zanatsika ireo afaka hiatrika ny karazana trangam-piainana rehetra? Ho kinga va izy ireo amin'ny fikirakirana na fanamboarana ireo zavatra simba ao an-tokantranony ao?

Ampirisihin'i Ellen White ny fanabeazana mivoy ireo fahaiza-manao teknika sy pratika ireo any amin'ny sekolintsika, saingy indrisy fa tsy izany no hita ankehitriny. Henoy ange izay voalazany ao amin'ny boky nosoratany indrindra ho an'ny mpanabe, ho an'ny ray aman-dreny, ho an'ny mpianatra : "*Betsaka ireo taranja tokony hampianarina any an-tsekoly, ao anatin'izany ny fampianarana ny fitantanam-bola, ny asa tao-zavatra vita amin'ny hazo, ary izay rehetra mahakasika ny fambolena. Ilaina ny manomana ny hisian'ny fampianarana momba ny tao-vy, ny hoso-doko, ny fanamboarana kiraro, toy izany koa ny fahaiza-mahandro, ny fanasàna lamba, ny mipasoka lamba, ny daktilôgrafia ary ny fanontàm-pirinty. Mila miezaka araka izay azo atao isika mba hisian'ireo làlam-piofanana ireo, mba ho tanora vonona amin'ny tena asa iatrehany ny fiainana ny mpianatra*". CEPE 249 .3

Ao amin'io toko io ihany dia izao koa no ambarany: "*Tokony hianatra mahandro ny zatovolahy sy ny zatovovavy. Indrindra fa ny vehivavy dia mila mianatra mahandro. Moa misy fomba fitaizana ny zatovovavy manan-danja kokoa noho izany ve? Na inona na inona tranga eo amin'ny fiainany, dia ho sendra fotoana ilany fampiharana ireo foana izy. Izany karazana fanabeazana izany dia hisy fiantraikany mivantana eo amin'ny fahasalamany sy ny fiadanany.*"

*Izay rehetra mikasika ny fampianarana, fampiharana ny lafiny pratika eo amin'ny fiainana, dia hanampy ny tanorantsika hanana ireo fahaiza-manao rehetra ilaina, rehefa tonga ny fotoana handaozany ny sekoly ka handehanany an-toeran-kafa. Tsy hiankin-doha amin'izay hampiantrano azy izy raha hikarakara sakafo, afaka hanjaitra na hanorina eo amin'ny toeran'izy ireo. Afaka hampianatra koa izy ka hanoro ny fomba mahomby ahatongavana amin'ny vokatra tsara indrindra.  Tsy betsaka ny vola iaingàna amin'izany ho fikolokoloana misiônera toy izany, satria ny herin-tsandriny mihitsy no manampy azy amin'ny alalan'ny fanaovana asa pratika sy asa mivaingana izay nataony nandritry ny fotoana nianarany. Hankasitrahana indrindra izany eo amin'ny toerana izay mahasarotra ny fitadiavana ny hanin-kohanina. CEPE 251.6*

Raha toa tsy manana ireo làlam-piofanana ireo ny sekolintsika, dia azontsika atao hatrany ny manatanteraka izany fiofanana izany ao an-tokantranontsika. Rahavavy White dia mitodika amin'ny ray aman-dreny. Andraikitr'izy ireo mantsy ny mampita izany fahalalàna marolenta izany amin'ny zanany.

Izaho manokana dia mankasitraka mihitsy ny ray aman-dreniko, indrindra i Neny, izay nanome anay fiofanana pratika (mora ampiharina), ankoatry ny fahalalana ankapobeny izay norantovina tany an-tsekoly. Matoa aho toy izao ankehitriny, dia noho izy. Matetika izy no niteny  hoe, ilaina ny mianatra izay rehetra azo atao amin'ny fiainana, satria tsy fantatra mihitsy izay hiafarana. Niaraka nahandro sakafo taminy izahay, niaraka nanadio trano, nikarakara ny biby fiompy; nanana osy sy akoho ary vorontsiloza izahay tamin'izany fotoana izany. Manampy koa izahay rehefa manao asa any an-jaridaina izy, satria nanana tanim-boly be velarana ihany izahay. Isan-taona, mialoha ny taom-baovao, dia mandoko ny trano izahay. Indraindray aza izahay dia manampy an'i dada mandrafitra ny sambo. Mpanamboatra sambo izy ary rehefa misy asa maika, dia miara-mirotsaka amin'ilay asa avokoa izahay rehetra. Anio, tena misaotra sy mirehareha ny amin'ny ray aman-dreniko mihitsy aho. Tena nampita fanabeazana marolenta taminay izy ireo. Deraiko ny Tompo, satria afaka nampita izany fanabeazana izany tamin'ny zanako koa aho.

Saika ny ankabeazan'ny ray aman-dreny no mihevitra fa anisan'ny anjara andraikitra lehiben'izy ireo ny manome izay ilainy sy mikarakara fatratra ny zaza madinika. Noho izany dia mitsinjo azy foana ny  masony, ary raha vao tsapany fa misedra zava-tsarotra izy ireo, dia tamy mihazakazaka hamonjy azy izy. Zavatra tena tsara izany, saingy indrisy, tsy mba avelan'izy ireo mianatra ny miatrika irery ny fiainana ireto zanany. Isika ray aman-dreny anefa tsy ho eo mandrakariva hanome izay ilainy. Noho izany dia tokony ampianarina ny ankizy hahay mamantatra sy haneho mazava ny filàny, ary koa ampianarina izy handray an-tànana ny tenany tsy hiankina foana amin'olon-kafa.

Mahafantatra ankohonana tena tsy mampitsiriritra mihitsy aho. Tsy mahalala ny zavatra tokony hataony izy ireo. Mety tena mamiratra amin'ny asa fivelomany izy ireo, saingy ankoatr'izany dia tsy misy zavatra fantany. Mikorontana ambony ambany ny tokantranony. Mandany vola amin'ny fanamboarana madinidinika ao an-tokantrano, izay tokony ho vitany izy ireo. Izany rehetra izany no miseho dia mety ho vokatry ny fitaizana azony avy amin'ny ray aman-dreniny. Efa zatra mandray vonona avy amin'izy ireo mandrakariva.

Ireo ray aman-drenin'i Jesôsy dia tena môdely na ohatra misongadina tokony alain-tahaka mihitsy. Ambaran'ny Baiboly fa i Jesôsy dia nanampy ny rainy tao amin'ny toeram-piasàny. Tsy nataon'i Jôsefa rainy ambanin-javatra ny fampianarana asa - tanana an'i Jesosy. Talohan'ny nanomboany ny ministerany dia niasa tao amin'ny toeram-pandrafetan'ny rainy Izy. Voalazan'ny Marka 6:3 fa mpandrafitra Izy: *"Tsy ilay mpandrafitra (tsy i Tekton ve ity ?), zanak'i Maria, ary rahalahin'i Jakoba sy Josesy sy Jodasy sy Simona va Ilehity?"* Ny maha-mpandrafitra an'i Jesosy no nahafantaran'ireo mpifanolobodirindrina Azy. Ny hoe "mpandrafitra" dia manana dikan-teny manokana avy amin'ny teny grika manao hoe "***tekton***" (tononina hoe tecktone), izay nosintonina avy amin'ny teny hoe 'tectonic' sy 'architecte', ary nadika avy amin'ny heviny hoe "mpandrafitra". Saingy, misy mpikaroka hafa nahita, fa ny voambolana hoe '***tekton***' dia manana heviny manambara fahaiza-manao maro, sy fitantanana tetikasa izay mihoatra lavitra ny fahalalantsika azy hoe asa momba ny hazo (charpenterie). Azontsika heverina àry izany, fa nandritra ny taona maromaro, dia niandraikitra ny fampandehanana ny raharaham-pianakaviana isan'andro Izy , izay mety ho azontsika antsoina hoe "orinasa" madinika. Heverina fa niasa niaraka tamin'ny mpanao asan-tànana hafa i Jesôsy, nanao ny fifampiraharahana ara-barotra, nividy ireo akora nilaina, namita ny tetik'asa napetraka ary nandray anjara tamin'ny fitantanam-bola tao an-tokantrano. Izao anefa, tsy ny ho mpandrafitra mihitsy tsy akory no asa niantsoana Azy. Ohatra tsara loatra ny nasehony!

**Torohevitra Vitsy ho an'ireo ray aman-dreny:**

1. Tsinjaraina amin'ny ankohonana rehetra ny anjara asa sy raharaha ao an-tokantrano. Omena anjara asa manokana ny tsirairay hiandraiketany arakaraky ny taonany ary azo atao ny mampifamadika na manesy izany, mba ahafahan'ny tsirairay manao fanandramana sy manana traikefa amin'ny asa samihafa ao an-tokantrano.
2. Asaina mandray anjara ny ankizy amin'ny fanomanana ny sakafo ao an-tokantrano. Ampirisihina koa izy ireo hanandrana hahandro karazana sakafo vaovao/tsy mahazatra.
3. Sarihina ny ankizy ho tia manamboatra ny simba ao an-trano. Omena fitaovana sahaza ny taonany izy. Raha efa lehibe izy ireo, dia avelao ohatra hanolo ny takamoa (ampoule) simba. Na ny lahikely na ny vavikely dia afaka mianatra manolo kodiarana vaky amin'ny fiara avokoa, mianatra manantona sy mametaka sary amin'ny rindrina, sns.
4. Miaraka manao zaridaina ny ray aman-dreny sy ny ankizy. Sarihina ny sainy ho liana amin'ny asa tany, ny fambolena, sy mifandray amin'ny zavaboary. Hahafaly azy ireo ny hahita ny zavatra namboleny mitsiry, sy ny hianatra ny lalàn'ny natiora.

Amin'ny fahazazany dia ampianarina azy fa Andriamanitra dia nanome fahaiza-manao azy ireo ary tokony ampiasainy hitondra vokatra ireny. Rehefa miatrika ny fiainana izy ireo, dia hanana fahatokian-tena tsara, sy hahafantatra ny tombambidiny ary vonona hiatrika ny toe-javatra rehetra. Raha sanatria ka tsy mizotra araka ny nanampoizana azy ny fiainana, dia tsy mba anisan'ny hiraviravy tànana ireo ankizy ireo, fa hahita vahaolana mandrakariva. Enga anie isika ray aman-dreny izay miaina amin'izao taonjato misy antsika izao ho afaka hanao izay fomba rehetra azontsika hatao hanomezana ny fanalahidin'ny fahombiazana rehetra amin'ireo zanatsika. Ny asa tànana dia efa fanalahidy iray.

**Fanontaniana natao hosaintsainina:**

Arak'izay voalazan'ny rahavavy White, ny fanabeazana dia tokony hamerina amin'ny laoniny ny fifamenoan'ny fahaiza-manao. Amin'ny maha-Ray aman-dreny anao, inona no azonao atao hahatanteraka izany eo amin'ny fanabeazana ny zanakao ?





# Faniriana diso fiantefa

Ao amin'ny Baiboly dia ahitantsika tantara mahaliana iray, raha ny sehatry ny fanabeazana ataon'ny ray aman-dreny no resahina. Io tantara io dia ilay mahakasika ny reny iray izay nanan-janaka roalahy, izay avy nanatona mba hiresaka manokana amin'i Jesôsy. Ny tantara dia milaza amintsika fa ny renin'i Jakôba sy Jaona dia nanao « DIA » lavitra mihitsy mba hahafahany mihaona amin'i Jesôsy. Mahaliana tokoa io tantara io.

Ny tsara indrindra ho an'ireto zanany no nokatsahin'ity reny ity. Tiany loatra ireo zanany ireo. Nirehareha fatratra izy satria manana azy ireo, ary nanana nofinofy maro ihany koa izy ho azy ireo. Ny adidy niandraiketany dia tena lehibe tokoa, satria nanana fangatahana toa mahasahisahy atao amin'i Jesôsy izy. Nangataka taminy izy ny mba hanomezan'i Jesôsy ny toerana roa ambony indrindra ho an'ny zanany rehefa tafiditra ao amin'ny fanjakany izy. Ny faniriany dia ny mba hitoeran'ny zanany iray ho eo an-kavanana ary ny iray kosa ho eo ankavian'i Jesôsy. Niriany ny hananan'ireto zanany ny voninahitra ambony indrindra. Tsy nofinofy madinika izany.

Isika dia miaina ao anatin'ny tontolo feno fihaikana, ary ny tsirairay avy amintsika dia samy manana tanjona ambony hoan'ireo zanatsika. Ny rehetra dia samy maniry ny hahazo ny toerana tsara indrindra, ny ho tonga matanjaka indrindra, mahay indrindra.

Ny filazana fa nanao dia lavitra mihitsy ilay reny mba hahitana an'i Jesôsy dia toa mampita amintsika fa natahotra izy ndrao misy hafa ho tonga alohany any. Tsorina fa eo amin'ny fiainana dia na ianao mpandresy, na resy, ary tsy misy na iza na iza maniry ny ho resy. Ny renin'i Jaona sy Jakôba dia naniry ny hananan'ireto zanany tombon-dàlana mihoatra amin'ny hafa. Raha ilaina ny ahazoana tombom-pitia kely amin'i Jesôsy dia nataony tamim-pifaliana izany satria nahatsapa izy fa mendrika ireto zanany izany. Lehibe ny nofinofiny sy ny tanjona tiany hotratrarin'ireto zanany ireto.

Raha jerentsika amim-pahamalinana fatratra io fangatahany io, dia hitantsika fa reny tso-po izay tsy mitady afa-tsy ny fifalian'ny zanany ity reny ity. Nino ny fahaiza-manao sy ny fahatokian'izy ireo izy. Maro ny zavatra nandrasany tamin'izy ireo. Nihevitra izy fa olona azo itokiana ireto zanany ireto. Ho fanampin'izany, mendri-kaja ny zavatra nangatahiny – ny hahita ny zanany miasa ho an'ny fanjakan'i Kristy, hampitoetra azy ao amin'ny asa kristianina, izay tsy hamotika ny finoany ary hanome fahafahana azy handray anjara mavitrika amin'ny fanompoana ny Tompo. Faniriana sy fihaikana tsy manam-paharoa izany.

Ilay fihaikana dia tsy ratsy. Faniriana fotsiny mahakasika ny hoavy izany. Araka izany dia sady mety ho tsara na ratsy io, hahazoana tombony na fatiantoka, marina na diso. Mety ho tena ilaina izany eo amin'ny fiainantsika raha toa ka natao ho amin'ny tsara.

**NY MAMPIRISIKA ANTSIKA HANANA TANJONA AMBONY SY HAMETRAKA FIHAIKANA**

Nahoana moa no tiantsika hahomby ny zanatsika? Angamba hihevitra isika fa tsy tokony hipetraka izany fanontaniana izany, kanefa dia tokony hosainina lalina izany.

Ny manosika antsika, amin'ny maha-ray aman-dreny antsika, dia ireo filàna fototra mihitsy. Na izany aza dia tokony ho tsapan'ireo zanatsika fa antony madio sy masina no manosika antsika. Tahaka antsika ihany koa dia manana planina manokana ho an'ny zanany Andriamanitra. *"Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin' ny farany".* (Jer 29 : 11)

Andraikitsika amin'ny maha-ray aman-dreny antsika ny manampy ireo zanatsika hahita izany planin'Andriamanitra izany sy hampihatra izany eo amin'ny fiainany. Tsy tokony ho isika samirery mihitsy no hametraka tanjona ho an'ireo zanatsika. Misy zavatra telo tsara hofantarintsika:

**1. Marani-tsaina ny ankizy** – Izy ireo dia manana fahaizana mihoatra noho izay heverintsika fa ananany

**2. Mahafanta-javatra ny ankizy, na dia mbola tsy miteny na inona na inona aza isika** – afaka mahita mihoatra noho izay eritreretintsika fa hitany izy ireo.

**3. Mahavita zavatra ny zanatsika** – Ampiasainy ny faharanitan-tsainy sy ny fahaizany mamanta-javatra mba hibaikoana ny hafa sy hamadihana ny toe-javatra mba hahazoany tombontsoa. Noho izany dia ilaintsika ny manontany tena mandrakariva ny amin'izay mety hoheverintsika fa tanjona natao hotratrariny. Ilaintsika ny mahafantatra ny tanjona tian'izy ireo hotratrarina ary ny mamaritra raha mifandraika amin'izany ny sitrapon'Andriamanitra ho azy ireo.

Ny antony manosika antsika dia mety hitodika amin'ny làlana samihafa ary ny tanjon'ny fihaikana apetratsika dia mety:

**A. Mifantoka amintsika ray aman-dreny - (IREO RAY AMAN-DRENY NO MANAM-PAHEFANA HIFEHY IREO ZANANY)**

Ny zava-nisy teo amin'i Saoly sy Jônatana, tantara hitantsika ao amin'ny 1 Sam 19:1 dia maneho marina izany. Tsipihina manokana eto ny tanjon'ny ray aman-dreny.

Misy fomba telo ahafahana mandeha amin'izany làlana izany:

**1. Ny faniriana** - "ataovy izay ahafahako mirehareha ny aminao" - "Aza alana baraka aho" **Ny tsy fahombiazan'ny ankizy dia ho loharanon'ny fahafaham-baraka ho an'ny ray aman-dreny**

**2. Amin'ny maha-taranaka** – Misy ray aman-dreny sasany miezaka miaina amin'ny alalan'ny zanany, na ihany koa te halaza amin'ny alalan'ny zanany. Faniriany ny hahatanterahin'ireto

zanany ny zavatra mba niriny hotanterahina kanefa tsy vitany. **Ny tsy fahombiazan'ilay zaza dia ho loharanom-pahadisoam-panantenana ho an'ny ray aman-dreny** (ohatra : izaho ray aman-drenin'i Prôfesora…).

**3. Ny baiko** – Ny tanjona manokana eto dia ny haneho hoe iza no tompon'ny fahefana. Ny zanaka dia tsy mahazo maneho fahasahisahiana mametra-panontaniana ny amin'ny hevitra izay efa tapaky ny ray aman-dreny. Ny ray aman-dreny no mifidy izay mety ho asan'ny zanany. Ohatra: raha misy mpitsabo eo anivon'ny fianakaviana dia terena ilay zaza ho tonga mpitsabo. Raha mandà ilay zaza dia tezitra ny ray aman-dreny satria toa mahatsapa izy fa ho voatohintohina ny fahefany. **Ny tsy fahombiazan'ilay zaza dia midika ho tsy fahampian'ny fanajana ray aman-dreny.**

**B. Mifantoka amin'ny ankizy- (ny ankizy no afaka mifehy ny zavatra rehetra).**

Ny toetran'ireo zanak'i Elia sy ny fihetsika nasetrin'i Elia izany dia porofo manamarina ireo. 1 Sam 3:13

Mamela ny zanany hanao izay tiany atao ny ray aman-dreny. Manaiky foana izy ireo ary miaritra. Avelany ny zanany hanana toetra ratsy sy tsy matotra. Avelany ny zanany hianatra sy handray lesona ny amin'ny vokatry ny tsy nety nataony, ary avelany hitady làlana ivoahana ao anaty onaona samirery raha toa ka misy olana. Araka izany, ilay tokantrano dia miavaka amin'ny fanaovana gaboraraka sy tsy fisian'ny lalàna satria tsy diso mihitsy ilay zaza ary tsy manana andraikitra horaisina ilay ray aman-dreny na inona na inona mitranga. Imbetsaka ilay zaza no manitsy ny toetra ratsiny na dia tsy misy loza be aza mihatra aminy. Ohatra: tsy mety mianatra any an-tsekoly, dia avela.

**D. Mifantoka amin'Andriamanitra - (Andriamanitra mpiahy – mifehy ny zava-drehetra)**

Ny toetra nasehon'i Hana, renin'i Samoela izay voaresaka ao amin'ny 1 Sam 1:28 dia ohatra tsara tokoa. *« Koa atolotro ho an' i Jehovah kosa izy: eny, amin' ny andro rehetra hiainany dia voatolotra ho an' i Jehovah izy. »* Araka izany dia apetraka eo am-pelatànan'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra ilay zaza. Avela Andriamanitra hanatanteraka ny planiny araka izay hita ao amin'ny Jer. 29:11 *"Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany."*

**Ny fanakianana nataon'i Jesôsy tamin'i Salome**

Raha tohizantsika ny tantara, rehefa nangataka ilay reny, dia namaly i Jesôsy. « Tsy fantatrareo akory izay angatahinareo». Indraindray, amin'ny maha-ray aman-dreny antsika, dia tsy fantatsika akory hoe mety tsy ho amin'ny laoniny ny tanjona apetratsika ho an'ireo zanatsika. Sarotra ny mitsara ny fihetsika nataon'ilay renin'i Jakôba sy Jaona na dia hitantsika ao amin'ny andininy faha-24 aza fa tezitra tamin'izy ireo ny mpianatra rehetra noho ny fahasahisahian'izy ireo. Saingy ny valim-panontaniana nomen'i Jesôsy dia mampieritreritra. Ilaintsika ny mametraka tsy tapaka izao fanontaniana izao: «Nahoana isika no manana izato tanjona sy fihaikana izato ho an'ny zanatsika. Mety ho noho ny avonavontsika ve? Noho ny fitiavantenantsika amin'ny maha-ray aman-dreny antsika va? Mba hahafahan'ny zanatsika manatratra ny fanirian'ny fontsika ve? Sa kosa mba ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra?

Ry ray aman-dreny, Andriamanitra anie hanazava sy hanoro hevitra antsika amin'ireo tanjona apetratsika ho an'ny zanatsika.

**Fanontaniana hosaintsainina**

1) Amin'ny fomba ahoana no ahafahantsika mahafantatra ny sitrapon'Andriamanitra ao anatin'izay mety ho faniriantsika?

2) Inona avy ireo mety ho vokatry ny fanabeazana manome fahalalahana diso tafahoatra?





# *Ny fifandraisana sy ny fifankahazoana am-po eo amin'ny Ray aman-dreny sy ny zanaka*

Rafitra tena manan-danja eo amin'Andriamanitra ny fianakaviana. Mijery ny tsirairay ao anatin'izany fianakaviana izany Izy ary ny faniriany dia ny hiraisan'ny zanaka sy ny ray aman-dreny mandrakizay. Sarobidy eo imasony ireo zanaka ary fitahiana ihany koa. « Fitahiana ny ateraky ny kibo » Salamo 127:3. Miditra an-tsehatra amin'ny fiainan'ny zaza hatrany ambohoka ka mandra-pahantiny Andriamanitra ary Izy no manao ny fomba rehetra hisian'ny fifandraisana amin'ny zanaka sy ny ray aman-dreny na dia manao fomba maro aza i Satana hamongorana izany fifandraisana izany.

**Ahoana no hananan'ny ray aman-dreny fifandraisana tsara amin'ny zanany?**

**1. Manokana fotoana ho an'ny zanaka**

Miankina amin'ny fotoana omena ny ankizy sy ny fahatsapana izay iainan'ny ankizy no hananana fifandraisana tsara aminy. Ary mitombo izany rehefa afaka mifandray am-po tsara amin'ny zanany ny Reny sy ny Ray amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra sy ny fifampitokisana.

Ny tantaran'ny mpaminany Elia dia mety hahatakarana tsara ny tiana hambara mahakasika io fifandraisana io (Samoela1-2). Nahadiso an'i Elia ny fifantohany loatra tamin'ny asany.

Tena asa ambony sy manahirana tokoa ny asan'i Elia. Raha ny tokony ho izy mantsy dia ao amin'ny tabernakely maraina mandra-paharivan'ny andro ny mpisoronabe. Manontany tena aho hoe impiry re i Elia no tonga ary mahita ny zanany raha efa matory izy ireo? Mety malahelo izy fa tsy afaka niaraka tamin'ireo zanany. Nefa izy tena manana asa betsaka atao. Mety mba nanantena ihany izy angamba fa hanana fotoana hiarahana amin'ireo zanany indray andro any. Mety tsy hitahita akory dia lehilahy lehibe ireo zanany ireo.

Mila fotoana hiarahana amin'ny ray aman-dreny ny ankizy. Ireo fotoana iarahana no hampitàna amin'ny zanaka ny toetra sy ny fomba tsara ary hanehoana fitiavana. Tsy i Elia irery no manana io olana io. Miaina amin'ny vaninandro sarotra isika. Tsy eo lava ny ray aman-dreny noho ny fitadiavana. Tsy vitsy amintsika ny miasa 50-60 ora isan-kerinandro. Tsy vitsy ny ray aman-dreny manana asa roa na telo mba hahitana vola hamelomana ny ankohonana. Ny mpamboly manan-draharaha mandrakariva; ny mpivarotra tsy maintsy mivarotra, raha tsy izany tsy mahazo tombony. Ireo ora mihoatra iasana dia vola avokoa. Ny asa rehetra dia toy ny andriamby izay misintona antsika hiala teo anivon'ny ankohonana. Indraindray dia tsy voatery ny asa ihany no misintona antsika, fa mety ny fialamboly, ny fanatanjahan-tena, na asa an-tsitrapo maro. Ireo izay mitazona antsika tsy ho ao an-tokantrano sy mitarika antsika hanalavitra ny zanatsika.

Araka ny hevitro, ny tena olana dia ilay fifaninanana hahomby. Te hanao zavatra maro, te handroso, te hanakatra zanatohatra mba ahafahana manondrotra ny toerana misy antsika ao anatin'ny orinasa. Te hitondra fiara tsara tarehy, te hanana trano tsara tarehy, ary hiaina finaritra. Nefa raha izany no ataontsika hoe fahombiazana dia tena ambany loatra ny tanjontsika. Tsy misy fitahiana lehibe toy ny hoe manana fianakaviana. Tsy misy fahombiazana mihoatra ny mahita ny zanatsika mandray ireo fahendrena sy toetra tsara izay hanamarika ny fiainany manontolo.

Tsy takatr'i Elia fa ny asa ambony indrindra napetrak' Andriamanitra taminy anie ka ny fanabeazana ireo zanany ireo mba hatahotra an'Andriamanitra. Ny laharam-pahamehana napetraky ny Testamenta vaovao ho an'ny mpitarika dia ny fikarakaràna ny tokantranony.

Tsy maintsy ray aman-dreny mendrika vao ho mpitarika mendrika. Ny tena Kristianina mahatoky dia tokony hanana fotoana ho an'ny fianakaviany!

**Inona ary no azontsika atao? Ireto misy soso-kevitra (…):**

- **Ovaina ny tena laharam-pahamehana (…)** tokony ho fantatsika fa ny ora maro miaraka amin'ny fianakaviana dia sarobidy lavitra noho ny zavatra hafa.
- **Lanjalanjaina ny fomba handaniana ny fotoana ao an-trano.** Mety ilaina ny mamono ny vata fahitalavitra, na mifoha maraina kokoa na miari-tory kely mba hananana fotoana hiarahana amin'ny zanaka. Ataovy laharam-pahamehana ny fiarahana amin'ny ankizy rehefa ao an-trano ianao.
- **Mahaiza mamorona zavatra atao rehefa miaraka ianareo** mba hahatonga ny fotoana rehetra ho mamy sy ho sarotra hadinoina.
- **Ho an'ny reny, mitadiava fotoana hiarahana manokana amin'ny zanakao isan-kerinandro.** Mianara na ampianaro ny zanakao hahita fifaliana amin'ny fiarahana manao raharaha ao an-tokantrano: ohatra, mahandroa, miara-miantsena, manao dia an-tongotra kely. Hanana fifandraisana sy fifampitokisana ety ianareo. Mitovy amin'izany koa ny raim-pianakaviana.

**2. Mahay mifandray amin'ny zanaka**

Ankehitriny dia very ny fifandraisana ao amin'ny fianakaviana. Ny fifampiresahana, indrindra eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka. Tena fihaikana goavana izany. Mihalalina ny hantsana manasaraka ny ray aman-dreny sy ny zanaka, nefa izany no fanalahidin'ny fahombiazan'ny fikambanana iray.

Na mbola kely, na tanora ny zanakao, ny fifandraisana tsara ihany no fanalahidin'ny fanorenana ny fahaizana manome lanja ny tena, ny fahaizana mifanaja ary hisorohana ny olana eo amin'ny fahatakarana.

Araka ny fikarohana natao, ny fomba fitenintsika amin'ny zanatsika dia, na hanampy azy handroso sy hitombo ara-dalàna na hampihemotra azy amin'ny fitomboana.

**a. Lanjalanjao ny teninao**

*Toy ny paoma volamena ao anaty fitoerany volafotsy natao sokitra ny teny atao amin'ny fotoana mahamety azy*. Ohabolana 25:11. *Ny famaliana mora dia mampianina ny fahatezerana mafy; Fa ny teny maharary mahatonga fahasosorana*. Ohabolana15: 1

Rehefa mifandray amin'ny zanatsika isika dia tsy tsara ny milaza hevitra na baiko na fitarihana somary tery loatra, indrindra moa rehefa lehibebe izay ny ankizy. Manaova fifanakalozan-kevitra, mametraha fanontaniana, ampirisiho ny fiarahana mitady hevitra, henoy ny heviny. Ekena fa mila ezaka izany kanefa ho mora amin'izy ireo ny hanaiky sy hanaja ny teninao raha mahay miresaka aminy ianao.

**b. Ampirisiho ny fifampiresahana**

Ny fifandraisana dia fifampiresahana fa tsy hoe ny iray ihany no miteny. Mitadiava fomba hifampiresahana amin'ny fotoana mety. Ohabolana18: 2 "Tsy tian'ny tsisy saina ny fahaiza-manavaka, raha tsy hoe ahafahany maneho ny ao am-pony angaha izany."Ny fifandraisana tsara ao amin'ny ankohonana dia manampy ny ankizy hitantara ny hafaliany, ny tahotra ary ny fahoriany.

**d. Mahaiza mihaino**

Ohabolana 13:18 *"Fahalahelovana sy henatra no ho an'izay mandà famaizana; Fa izay manaiky anatra no homem-boninahitra."*

Ny tena fahaizana mifandray akory tsy hoe fitenenana izay rehetra ao an-tsaina; fa, fianarana mahatakatra izay ao an-tsain'ny hafa koa. Ary mba hahatakaranao izany dia tsy maintsy mihaino tsara aloha. Aza manao zavatra hafa mandritra ny fotoana hiresahan'ny zanakao aminao. Raha milaza izay ao am-pony aminao izy, dia tokony hasehonao azy fa mihaino azy ianao ; aza variana amin'ny zavatra hafa. Mihainoa zato isan-jato azy ianao ary aza tapahana ny teniny. Tena ilaina ny mihaino ny heviny na dia tsy mitovy amin'ny hevitrao aza izany.

**e. Aza mitsara na manao tsinontsinona**

Raha misy fanomezana tsara indrindra ho an'ny zanaka na vavy izy na lahy dia ny fanomezana azy fotoana hiresahany izay tsapany, sy ny fifaliany ary ny fahoriany ka tsy hitsaratsarana azy amin'izany na hanaovana fanakianana sy fanamarihana. Ny zavatra manjo ny ankizy dia mety hoe zavatra tsy misy dikany amintsika, kanefa minoa ahy ianao fa tsy izany velively no zava-misy ! Raha mba milaza ny ao am-pony aminao izy dia raiso tsara ary aza tsaraina izay zavatra tsapany. Meteza haka ny toerany.

**f. Hajao ny hafa**

Ny fanajana dia zava-dehibe ao anatin'ny fifandraisana. Zarao ny hevitrao fa aza tsinontsinoavina ny an'ny hafa ary mahaiza manaiky ny tsy fitovian-kevitra. Noho izany, miresaha amin'ny ankizy fa tsy hoe mimenomenona foana, na manakiana, na mandrahona ary ny mandratra mihitsy aza.

**3. Tsy mbola tara**

Ny fahaizana mifandray amin'ny zanaka dia tsy nomena mialoha: mihatsara eny an-dàlana eny izy io, amin'ny alalàn'ny fanandramana hiarahan'ny reny amin'ny zanaka. Mety ao anatin'ny fotoana mampalahelo indrindra angamba ianao sy ny zanakao. Mbola tsy tara ianao raha hanarina izay rehetra efa lasa. Tokony ho naman'ny ankizy ny ray aman-dreny mba hahatonga azy ho tamàna ao an-tokantrano ka tsy hitady zavatra hafa. Tena zava-dehibe izany satria maro ny tanora milaza fa tsy manana io finamanana feno fifampitokisana io. Tokony hotazonina ho tanora lalandava ny fon'ny ray aman-dreny, mba hahazoany mahatakatra ny eritreritr'ireo zanany ary hahita izay mahaliana azy sy izay mahafinaritra azy. Raha manao toy izany izy ireo dia tsy hitady làlana hiala ny faritra misy azy ny ankizy mba hialana voly satria efa faly izy amin'ny fotoana iarahana ao an-tokantrano. Ireo ray aman-dreny mahomby amin'ny fanehoam-pitiavana sy ny fifankahazoana eo amin'ny zanany ihany no hanana tombontsoa hizara ny heviny indrindra moa ny fahamarinana. Handray tokoa amin'ny ray aman-dreny be fitiavana sy mihevitra azy ny ankizy ary fantany fa hendry sy manan-tsaina izy ireo.

**Fanontaniana hosaintsainina**

1) Amin'ny fomba ahoana no ahafahantsika manampy ny zanatsika haneho ny fihetseham-pony?

2) Ahoana no hanazavantsika ny andininy izay voasoratra ao amin'ny Efes. 6.4 *"Ary hianareo ray, aza mampahatezitra ny zanakareo, fa tezao amin' ny famaizana sy ny fananaran'ny Tompo izy."*





# Nampindramina sy nindramina

Ny Baiboly dia milaza fa ny ankizy dia fanomezana avy amin'Andriamanitra ho an'ny ray aman-dreny: "Indro fa lova avy amin'ny Tompo ny zanaka; valisoa ny aloaky ny kibo miteraka." Sal 107.3

Ny valisoa dia omena mba hahazoana fifaliana sy fahasambarana. Mampalahelo fa misy ankizy sasany manao izay hahaketraka ny ray aman-dreniny. Ny toetran'izy ireo dia tsy araka izay andrasan'ny rainy sy reniny aminy. Ireo ray aman-dreny kristianina no tena malahelo rehefa mahita ny zanany mandao ny fiangonana. Tsy vitsy amin'ireo reny no manontany tena sao tsy nahavita ny asa nampiandraiketina azy. Maro amin'izy ireo no miteny hoe: "Tsy azonay hoe maninona izy ireo ireo no manao izao zavatra izao nefa tsy toy izany ny nitaizana azy."

Maro ny antony mety hahatonga izany toe-javatra izany. Ireto ny sasany amin'ireo:

**a. Fifanoheran'ny taranaka noho ny elanelan-taona (conflit de génération)**

Ny olona dia mety tsy hifankahazo noho ny elanelan-taona be loatra. Ary indraindray izany elanelan-taona izany dia miteraka elanelana eo amin'ny fifandraisan'izy ireo mihitsy. Ny antony mampisy fifandirana dia satria, amin'ny ankapobeny ny fiainan'ny zanak'olombelona dia mizara ho efatra lehibe: ny fahazazana, ny hatanorana, ny fahalebiazana sy ny fahanterana. Amin'ireo sokajin-taona rehetra ireo, ny fahafaha-manao ara-batana, ara-tsaina izay omen'ny natiora dia samihafa. Sahala amin'izany ihany koa ny fomba fiaina sy ny maha izy azy mihitsy. Ny tsy fahafantarana ny fahafaha-manao amin'ny vanim-potoana tsirairay avy, indrindra ny tsy fanajana ny fahafaha-manaon'ny hafa no miteraka olana. Ny taranaka farany, vao mitombo amin'izao dia hita fa toa misy fiovana be mihoatra ireo taranaka tamin'ny fahiny. Ny tanora ankehitriny dia tsy azo faritana ny momba azy sady tsy azo hazavaina moramora. Raha ny marina, noho ny fiovana misy amin'izao taonjato faha-21 izao, ny fomba amam-panao ankehitriny dia mampiseho fiovana tanteraka eo amin'ny taranaka tanora. Hita izany amin'ny toetran'ny tanora, ny fomba fampianarana ary ny aingam-panahy manosika azy ireo sy ny faniriany.

**b. Fanaovana ambanin-javatra ny fampitana ny tombambidy**

Maro ireo zavatra noresahintsika nandritry ny herinandro. Ny tombambidy izay tiantsika ho hita eo amin'ny zanatsika dia tokony hiainantsika isan'andro. Ny ankizy dia mianatra ny fanajana, ny fitiavana ary ny firindrana, sns eo anivon'ny fianakaviana. *"Zaro amin' izay lalana tokony halehany ny zaza, Ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin' izany"*. Ohab 22:6).

Tsara homarihina fa misy dingana samihafa amin'ny fampitana ny soatoavina ary ny ray aman-dreny dia tsy maintsy mahatsapa io fiovana io. Ny lanjan'ny fampitana ny soatoavina dia zava-dehibe amin'ny fahatakarana ny fampandrosoana ny ankizy ary manazava fa ny fifandraisana amin'ny ray aman-dreny dia tsy ny fifandraisana manan-danja amin'io fampandrosoana io ihany. Ny fitomboan'ny zaza dia voakasik'ireo hery miasa mangina hafa izay mety hisy fiantraikany amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka (na amin'ny zanaka ihany) amin'ny fomba izay tsy ahafahan'ny ray aman-dreny mifehy intsony.

**d. Hery miasa mangina avy amin'ny hafa**

Misy sehatra efatra mandefa hery miasa mangina amin'ny ankizy: ny fianakaviana, ny fiangonana, ny sekoly ary ny arabe.

Ny fanontaniana mipetraka dia hoe: fotoana firy no lanin'ireo zanatsika any amin'ireo toerana efatra ireo.

**1. Ny arabe**- Raha mandany fotoana betsaka eny an'arabe ny ankizy dia hifankahazatra amin'ny olona tsy mendrika. Handratra azy izany fifandraisana izany. Ary ankehitriny, vokatr'ireo fandaharana sasany ao amin'ny fahita lavitra sy ny aterineto, dia ny arabe no tonga ao antrano. *"Aza mety hofitahina hianareo; ny fikambanana amin' ny ratsy manimba ny fitondran-tena tsara."*1 Kôr. 15:33.

**2. Ny sekoly**– Io no toerana hanovozam-pahalalana. Ny mpampianatra dia manana fahaiza-manao amin'ny fampitam-pahefana. Fa moa ve izy ireo vonona ny hamolavola ny ankizy araka ny fomba fiainan'ny Baiboly? Inona no fananarana omeny? Inona no mitranga mandritrAny fotoana fakan-drivotra sy amin'ny firavana? Ny sasany amin'ireo zanatsika dia manaiky ho voatarika amin'ny fahotana noho ny ohatra ratsy sy ny naman-dratsy.

**3. Ny fiangonana** -Ny tanjona fototry ny fiangonana dia ny hitarika ny ankizy ho amin'ny famonjena, avy eo mampianatra azy hanana fifandraisana amin'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fototra mafy orina dia ny tenin'Andriamanitra. Izany no hiarovana azy mandritra ireo fotoan-tsarotra holalovany amin'ny fahatanorany. Ny zaza dia tokony ho voaray tsara ao am-piangonana ary hanana ny toerany ao. Aoka izy mba ho afaka hiteny tahaka an'i Davida: *"FALY aho, raha hoy izy ireo tamiko: Andeha isika ho any an-tranon' i Jehovah."* Sal 122.1. Raha mahatsapa fa tiana izy, raha haintsika ny miresaka aminy ny mahakasika ny fitiavan'i Jesôsy, dia ho tonga am-pifaliana ao am-piangonana izy ary hiraiki-po amin'izany. Mahatsapa izany toerana izany eo anivon'ny fiangonana ve ny ankizy sa tsy heverina mandrakariva ary atao ambanin-javatra, satria natao kokoa ho an'ny olon-dehibe ny fiangonana?

**4. Ny fianakaviana** – Ao no tena hanahafany toetra. Ilainy ny miankina amin'ny ray aman-dreniny voalohany indrindra. Tsapan'ny ray aman-dreny ve izany adidy masina amin'ny maha ohatra azy izany? Tsy misy fahombiazana afaka manonitra ny fahavoazana ao antokatrano. Na eo anivon'ny mahantra indrindra sy tsy an'asa aza, raha misy fitiavana eo anivon'ny fianakaviana dia manan-danja kokoa eo imason'Andriamanitra noho ny harem-be. Tao anatin'ny fianakaviana toy izany no nanehoan'Andriamanitra fahagagana sy mbola hanehoany izany. Ny fo tsotra ao anivon'ny tokantrano tsotra dia tena akaikin'ny lanitra. (Nalaina tao amin'ny Conference Report, avril 1964, p. 5).

**d. Tokatrano tsy mirindra**

Eo anivon'ny tokantrano, ny zaza dia eo ambany vahohon'ny fanjakazakan'ny ray aman-dreny manao didy jadona. Ny fahaizana mifehy amim-pahamasinana dia afaka hamolavola sy hanohanana

araka ny tokony ho izy ny tanora. Mifanohitra amin'izay kosa, ny herisetra, ny habibiana ary ny fanararaotana ataon'ny ray aman-dreny dia mahatonga ny zaza hanana fifandraisana ratsy sy sampona amin'ny hafa. Toy izany ihany koa, ny fampanaranam-po sy ny fanaovana tsirambina dia mahatonga ny zaza tsy hanana fototra sy mpanohana amin'ny fanorenana ny toetrany.

-Imbetsaka ireo fifandirana eo anivon'ny fianakaviana no mivadika ady (faharangitana, tsindry hazo lena, fanomezan-tsiny, fifamaliana na filonjilonjiana). Izany dia mety hiteraka fifampihafahafana, rarintsaina, tsy fahampian'ny fahatsapana ny tombambidy, fahasorenana sy fihetsehampo ratsy.

-Ny adiady eo amin'ny mpiray tampo dia zava-mitranga maneran-tany. Na izany aza, raha tsy hain'ny ray aman-dreny ny mifehy izany, dia hiteraka olana an-taonany maro. Matetika ihany koa ny ray aman-dreny dia miandany amin'ireny fotoana ireny ka miteraka fifankahalana eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka izany.

Ny fisaraham-panambadian'ireo ray aman-dreny, ahoana no fomba hiainan'ny tanora izany? Inona no ao an-tsainy? Mahatsiaro fiarovana ve izy? Tsy maratra ve ny fony? Ny ratram-po nihatra tamin'ny fahazazana dia misy fiantraikany amin'ny fiainan'ilay olona iray manontolo. Rehefa tonga amin'ny fahalehibiazany io olona io dia tsy hahazo aina: hahatsiaro tena ho diso, tsy hahay hifehy ny fihetsempony, tsy hanana fifandraisana matotra, tsy mety afa-po (…) Ny korontana izay niainany tamin'ny fahazazany dia hiteraka korontana ihany koa mandritra ny fahalehibiazany, indrindra eo amin'ny fifandraisany amin'ny ray aman-dreniny.

**Fahatsapan-tena ho meloka**

Mety misy zavatra mampijaly antsika ankehitriny amin'ny fifandraisantsika amin'ireo zanatsika ary manameloka ny tenantsika isika amin'izany. Na inona na inona zava-mitranga sy anton'izany dia tsarovy fa eo anilantsika mandrakariva Andriamanitra. Misy zavatra roa tiako hozaraina aminareo mba hahafahanareo mandroso hatramin'ny farany.

**A. Raha mbola misy koa ny fiainana dia tsy ho foana ny fanantenana**

Misy fehezanteny malaza nolazain'i Harold B. Lee izay mampahery antsika: « Tsy misy tokantrano tsy avotra raha tsy efa nanasa tànana ny mambra ao ». Ho ahy manokana, ny hevitr'izany dia izao: ny ezaka sy ny fotoana lanintsika amin'ireo zanatsika dia lafo vidy ary hitondra amin'ny fahombiazana. Ny tanjona dia ny hitohizan'ny vavaka sy ny hitiavana ireo zanatsika ireo na inona na inona mitranga. Tsara ihany koa ny mahatakatra fa ny fahombiazan'ny tokantrano dia miankina amin'ny zavatra maro. Ny finoan'ny zanatsika sy ny fijanonany ao am-piangonana dia singa iray ihany amin'ireo teboka tokony hoheverintsika rehefa mandrefy ny fahombiazantsika amin'ny maha ray aman-dreny antsika isika.

Mora ny miteny izany fa tena sarotra kosa ny manatanteraka azy. Kanefa indraindray dia ilaina ny manala tsiny ny tenantsika sy manaisotra ny vesatra mitambaby amintsika raha sanatria ka misafidy ny hanana fiainana hafa tsy araka izay nampianarintsika ireo sombinaintsika.

**B. Ireo zanatsika dia nampindramina antsika**

Olombelona mahaleo tena ny zanatsika. Nampindramin'ny Tompo antsika izy ireo. Nametrahany adidy isika mba hanefy azy ireo ho mendrika Azy. Tsy natao hitovy amintsika izy ireo. Tsy natao handia ny fiainana nodiavintsika izy ireo. Tsy natao hanatanteraka ny faniriantsika sy ny tanjona tiantsika hotratrarina izy ireo.

Vakio izay lazain'i Hana ao amin'ny 1 Sam 1:27-28.

"Nangataka aho. . .Indro omeko Azy". Ny teny hebreo nangalana ny teny hoe «mangataka» (sha'al) dia azo adika hoe «mindrana». Noho izany, ireo teny ireo, dia manana hevitra samy hafa. Ireo teny ireo dia ampiasaina amin'ny endrika mitovy. Nangatahiko/ nindramiko tamin'Andriamanitra, koa hampindramiko/omeko an'Andriamanitra izy ankehitriny.

Maro ireo dikantenin'ny Baiboly no mandika voambolana « nindramiko » io ho « natokako ». Ny hoe "natokako" no fandikan-teny mety indrindra. Io voambolana iray io ihany no ampiasaina hanazavana ny anaran'i Samoela (and 20), mba hahafahana mamaritra azy ho ilay nindramina, natokana.

Io kilalaon-teny sy dikanteny io dia hanazavana teboka manan-danja ara-teôlôjia. Nomena an'i Hana i Samoela, nampindramina nandritrany fotoana fohy. Ny fanatanterahany ny voadiny dia famerenany tamin'Andriamanitra izay nindraminy, izay fotsiny.

Ireo zanatsika ihany koa dia indramintsika mandritra ny fotoana fohy. Na dia tsy nentintsika ao amin'ny tempoly aza izy mba honina ao, dia ilaintsika ny mametraka azy ireo eo am-pelatanan'Andriamanitra isan'andro. Ny andraikitsika, na dia amin'ny fotoana sarotra sy mafy indrindra aza dia tokony hitondra azy ireo ho eo amin'Andriamanitra. Mitaky fitiavana be, faharetana ny fanatanterahana izany, fa tsy amin'ny famaizana tsy mitsahatra. Ny fanabeazana ny zaza dia ny fitarihana azy ao anatin'ny fiadanana. Miaraka aminy ianao amin'ny dia lavitra izay ataony eo amin'ity fiainana ity. Tsy maintsy ezahinao ny hahatonga saina azy farany izay haingana fa manana adidy amin'ny tenany sy amin'Andriamanitra izy. Amin'izany fomba izany ihany no hahazoany manatratra ny tanjona izay nataon'Andriamanitra hotratrariny.

Ampindramin'Andriamanitra antsika ireo zanatsika. Noho izany, mino marimarina aho, fa ny fanabeazana azy ireo hahafantatra ny maha-izy azy, dia ilàna fahaiza-manao. Ilainao ny manome azy ny fahafaha-manao rehetra mba hahatonga azy ireo ho olona tena manokana ary miaina araka ny sitrapon'Andriamanitra.

**Famaranana**

Tsy misy olona sahy hiteny hoe ray aman-dreny tonga lafatra izy. Manana ny tsy fahalavorariantsika isika rehetra ary mila an'Andriamanitra ihany koa isika rehetra eo amin'ny asa lehibe izay nankininy tamintsika, ary ilaintsika ny manatsara ny fomba fiasantsika eo amin'ny fanabeazana sy ny fifandraisantsika amin'ny zanatsika. Angamba ankehitriny ny sasany amintsika mety manome tsiny ny tenany amin'ny fahitany ny zanany mizotra amin'ny làlana hafa tsy araka izay noeritreretiny sy niriny, mety ho menatra eo imason'ny hafa ianareo. Tiako ny milaza aminareo fa tsy ilaina izany, hanimba anareo ny henatra ary vao mainka aza hanasaro-javatra. Ny tena zava-dehibe dia ny fanampian'Andriamanitra, katsaho hatrany ny fomba ahafahanao manatsara ny fifandraisanao aminy ary tsy mampitaha azy amin'ny hafa. Ny zanakao dia tsy manan-tsahala, ary raha toa ka tsy tanterany ireo zavatra izay nandrasanao taminy, dia tsy diso ianao akory ary tsy diso ihany koa ny zanakao – mbola tsy nahita ny vahaolana tsara sy mety fotsiny ianareo (ianao sy ny zanakao) hatramin'izao. Nampindramin'Andriamanitra anao ny zanakao, manana adidy hotanterahina aminy ianao, dia ny hitadiavana ny fahendrena, ny fitiavana, ny fahalalana ao amin'Andriamanitra sy ao amin'ny bokiny izay ahitana ny torolàlana rehetra momba ny fanabeazana avy amin'ny ray aman-dreny, izay tsy inona akory fa ny Baiboly izany. Tsy mbola diso aoriana loatra izao. Atokany ho an'Andriamanitra ny zanakao, ary atolory ho an'ny Tompo izy mba hahafahany mitarika azy tahaka an'i Samoela.

**Fanontaniana hosaintsainina**

Manoloana ny fahatsapanao tena fa diso sy ny fahakivianao, efa mba nanao jery todika ireo zava-bitanao ve ianao?

- Milazà zavatra tsara 4 nataonao ho an'ny zanakao.
- Milazà toetra tsara 4 ananan'ny zanakao.



# “Notahiana mba hitondra fitahiana”
## Nosoratan’ i M. Dinorah Rivera

## FAMPIDIRANA

Ilay boky mitondra ny lohateny hoe, "The Girl with No Name", (Ilay tovovavy tsy manana anarana), dia milaza tantara mahavariana momba an’i Marina Chapman. Niatrika fihaikana goavana izy satria nisy naka an-keriny tao an-tranony, avy eo narian’ireo olona ireo tany anaty alan’i Colombia. Vao efatra na dimy taona monja izy dia niaraniaina sy nianatra ny fanaon’ny rajako “capucin” (karazana rajako io capucin io). Tsy nisy olona nifandray taminy mihitsy. Tsy nahay niresaka intsony izy ary tsy tsaroany ihany koa ny toetra maha-olombelona azy. Niaina toy ny fianakaviana iray amin’ireo rajako capucin ireo izy. Tafavoaka velona ihany anefa izy tao anatin’izany rehetra izany.

Dimy taona taorian’ny naha irery azy tany an’ala, dia nisy nanavotra i Marina kanefa koa dia mbola namidin’izy ireo tamin’olona tsy mifaditr’ovana tao an-tanan-dehibe. Nampiasaina, nohararaotina ary nampahoriana izy nandritra ny taona maro. Nony farany anefa dia nisy fianakaviana nandray azy ary nikarakara tsara azy. Fotoana fohy taorian’izay dia nifindra monina tao Angeletera io fianakaviana io. Nentin’izy ireo hiaraka aminy i Marina rehefa natsangany ho zanany.

Nahazo fitahiana goavana i Marina tamin’ny fotoana nanavotan’ilay fianakaviana be fitiavana azy. Nanomboka tamin’izay, raha nahazatra azy ny fomba fianan’olon-dia, ankehitriny kosa izy dia manandrana, mijery ary mianatra izany atao hoe fianakaviana mikarakara sy manavotra izany. Ny fitahiana izay nentin’ito fianakaviana ito tamin’I Marina dia nahazoany izay rehetra ilaina mba hahafahany mampita izany amin’ny hafa. Ankehitriny Marina dia tonga vady be fitiavana. Mpanao fikarohana siantifika io vadiny io, ary efa manan-janaka lehibe roa sy zafikely maro izy. Nampiasainy ny fahasoavana noraisiny mba hanasoavana ny hafa.

Raha amin’ny heviny iray, ny tantaran’i Marina, “Notahiana mba hitondra fitahiana” dia mitovy amin’ny zavatra iainan’ny vehivavy maro. Nandritra ireo taonjato aro, dia betsaka ireo vehivavy no niatrika fihaikana goavana teo amin’ny fiainany. Na dia teo aza ny olana sy sakana maro dia nanandrana fitahiana manokana izy ireo. Rehefa tafavoaka avy tamin’izany fihaikana izany izy, dia natanjaka kokoa ary nahafantatra mazava tsara hoe iza marina moa izy sy ny maha-izy azy mihitsy.

Mazava loatra, ny fandresena goavana indrindra dia izay iainan’ireo nahita an’I Jesosy manokana teo amin’ny fiainany, ary miezaka ny hanahaka Azy. Hatramin’ny nandraisan’izy ireo ny fitahiana avy Aminy teo amin’ny fiainany, dia mahafantatra izy ireo ny fomba hahafahana mampita izany fitahiana izany amin’ny hafa.

Amin’ity maraina ity dia hijery tantara roa avy ao amin’ny Baiboly isika. Ny iray avy ao amin’ny Testamenta Vaovao, ny iray kosa avy ao amin’ny Testamenta Taloha. Ny fiainan’ireo vehivavy ireo dia maneho marina ny atao hoe : “Notahiana mba hitondra fitahiana”.

**Vehivavy avy ao amin’ny Testamenta Vaovao nitondra fitahiana**

Ny vakiteny fototry ny toriteny androany dia mitondra antsika eo amin’ny fo manetry tenan’ny vehivavy mahafinaritra iray. Tsy nihevitra ny hanatanteraka zavatra goavam-be izy teo amin’ny fiainany. Raha ny marina, ny fiaraha-monina nisy azy sy nitomboany dia tsy nanantena zavatra manokana avy amin’ny vehivavy, indrindra moa fa avy amin’ny tovovavy nobeazina teo anivon’ny tokatrano sahirana. Saingy ity tovovavy ity, Maria no anarany, dia nahatoky sy nankato ary nilefitra tao ambany fitiavan’Andriamanitra.

Araka ny ambaran’ny Lioka 1:28, 29, dia “nisy anjely nankeo aminy ary nanao hoe, ‘Arahaba ry Ilay nohasoavina, ny Tompo no momba anao’ Ary taitra loatra izy noho ny teniny ary nieritreritra izay tokony ho hevitr’izany fiarahabana izany” (Lio 1:28, 29, NIV). Fotoana manokana tokoa izany teo amin’ny fiain’i Maria. Niaraka taminy Andriamanitra ary nisafidy ny hitahy azy amin’ny fomba manokana.

Andeha hotsipihana ny tenin’ilay anjey. “Ny Tompo momba anao; notahiana mihoatra noho ny vehivavy rehetra ianao”.

Na dia nahazendana an’i Maria aza izany, dia Andriamanitra mihitsy no nifidy azy ho amin’ny asa manokana. Raha tsy izany, nahoana izy no handefa anjely mihitsy hanambara aminy ny mahakasika izany fitahiana izany? Nifidy azy Andriamanitra!

Na izany aza dia hitantsika fa taitra sy nikorontana ihany ny sain’I Maria raha nandre ireo teny ireo. Tsy nampoiziny ho voatahy amin’izany fomba izany mihitsy izy. Tsy mby tao an-tsainy mihitsy hoe hiantefa aminy ny safidin’Andrimanitra— amin’ireo vehivavy maro teo anivon’ny zanak’Israely— hanatanteraka izany iraka izany.

Alaivo sary an-tsaina . . . Maria dia efa fofombadin’ny mpandrafitra iray. Mety efa mby tao an-tsainy fa ho reny izy indray andro any. Saingy tsy mbola tao amin’ny nofinofiny mihitsy hoe izy no ho renin’ilay Zanak’Andriamanitra!

Tao anatin’ny fanetren-tena rehetra nananany, dia tsy nahatsiaro tena ho mahavita azy izy manoloana izany adidy izany. Tsy takany tsara akory aza ny halalin’ny fitahiana ananany. Saingy satria tiany Andriamanitra dia niriny ny hankato Azy, nanaiky izy ny hampiasana ny finoany sy ny tenany mba hanatanterahana ny sitrapony ho famonjena ny taranak’olombelona.

Tampoka _ noho io fitahiana avy amin’Andriamanitra io _ dia nianatra niaina fiainam-baovao izy – toa an’i Marina Chapman. Ankehitriny izy dia mila mampihatra bebe kokoa ny finoany satria nilainy ny nianatra hoe ahoana izany ho renin’Andriamanitra eto an-tany izany. Fantany fa hiatrika fihaikana maro izy. Saingy fantany ve fa manaraka ny fitarihan’Andriamanitra izy? Izy, Andriamanitra, no hampiasa izany fitahiana tsy manam-paharoa izany teo amin’ny fiainany

mba ho tonga fitahiana hoan'ny olona maro an'alin-kisa i Maria.

Na fantany izany na tsia, dia nanokana andraikitra miavaka hoan'i Maria Andriamanitra. Ny tanjon'Andriamanitra dia ny hitahy azy, ary amin'ny alalan'izany dia ho tonga fitahiana hoan'ny hafa izy. Niasa taminy Andriamanitra, ary nanaiky ny baikon'Andriamanitra sy ny làlana nitarihany azy izy.

Mety ho nanaiky izany fitarihana izany ve izaho, na ianao raha toa ka isika no teo amin'ny toeran'i Maria? Inona no tokony hapetratsika eo amin'Andriamanitra mba hahafahany mampiasa antsika hahafahantsika mahavita andraikitra mihoatra lavitra noho izay mby ao an-tsaintsika?

Matetika ny fitahiana dia tonga miaraka amin'ny adidy ary ireo adidy ireo dia tsy vita mora. Manaiky ve izaho sy ianao handray ny fitahiana avy amin'Andriamanitra ary hiantsoroka ireo andraikitra izay miaraka amin'izany—Amin'ny alalan'ny heriny—mba hahatonga antsika ho loharanom-pitahiana hoan'ny manodidina antsika?

**Ny lova napetrak'i Maria hoantsika**

Araka ny hitantsika tao amin'ny fanandramana niainan'i Maria, Andriamanitra dia mampiasa ny fitahiana nomeny antsika mba hanasoavana ny hafa, na indraindray aza tsy fantatsika hoe ahoana no hanatanterahany izany. Na ny lehilahy na ny vehivavy dia afaka mandray lesona amin'ny naneken'I Maria tamim-panetren-tena handray ny fitahiana avy amin'Andriamanitra. Maria dia namela lova ho antsika, ohatra ho antsika, ny amin'ny tokony hanekena ny sitrapon'Andriamanitra – na dia tsy takatsika aza izay mety ho zavatra atrehintsika avy eo.

**Ilay vehivavy notahiana manokana tao amin'ny Testamenta Taloha**

Andeha indray isika hiijery manokana ny mahakasika ilay vehivavy "notahiana mba hitondra fitahiana" izay voatantara ao amin'ny Testamenta Taloha. Andeha isika hiara-mijery izay voasoratra ao amin'ny 2 Mpanj 4 : 8 – 37. Tantaran'ny vehivavy anankiray hafa indray no Hitantsika ao. Tsy fantatsika akory ny anarany. Fa nampiasain'Andriamanitra izy mba ho tonga fitahiana hoan'ny hafa.

Ny mpaminany Elisa dia manome anarana azy ho ilay vehivavy Sônamita. Tsy miresaka ny amin'izay mety ho hatsaran-tarehiny, na hetsika goavana na toerana ambony notanany ny Baiboly. Nofaritana fotsiny izy – tahaka an'i Maria – ho ilay vehivavy manetry tena izay namela an'Andriamanitra hanatanteraka ny sitrapony teo amin'ny fiainany. Tsy manan-janaka izy kanefa ny vadiny dia mpamboly manan-karena iray. Andeha atombotsika ny vakiteny.

…..

Tantara mahafinaritra manao ahoana re izany e! Andeha hojerentsika ireo toetra tsara nananan'ity vehivavy Sônamita ity.

Ilay vehivavy Sônamita dia nanana fanahy tia manompo, hita izany tamin'ny toetra nasehony tamin'ny fampiantranoana ilay mpaminany (and 9 sy 10). Ity vehivavy ity dia naniry ny hanolotra toerana hahafahan'ny "mpitandrina" miala sasatra raha sendra mankao an- tànana izy. Fantany ny asa fanompoana nataon'i Elisa, ary tsy tamim-pisalasalana, rehefa avy niara-nidinika tamin'ny vadiny izy, dia nanolotra toerana manokana hoan'i Elisa hiaany sasatra. Tsy nentiny teo anivon'ny fiangonana izany zavatra rehetra izany mba hahafahan'ny rehetra mahafantatra fa malala-tànana izy. Tsy nisy fanandratan-tena fa notanterahiny ny fikasany niaraka tamin'ny fanampian'ny vadiny, ary nanorina efitrano manokana hoan'i Elisa izy.

Indro misy fanontaniana apetraka amin'ny tsirairay avy amintsika. Inona no asa tsy ahitana fitiavan-tena _ fa noho ny fitiavantsika an'Andriamanitra fotsiny _ sahintsika tanterahina? Ireo asa tsy ahitana fitiavan-tena ireo dia tsy ho hita amin'ny tatitry ny fiagonana, fa voasoratra kosa ao amin'ny bokin'ny lanitra.

**Lova napetrak'ilay vehivavy** Sônamita **ho antsika**

Tahaka ny tamin'i Maria, ilay renin'i Jesosy, ilay vehivavy Sônamita ihany koa dia nametraka lova ho antsika.

Voalohany, araka ny efa haitantsika, dia nametraka lovan'ny toetra tia manompo sy tia mandray vahiny izy. "Matetika Elisa no nankao amin'io toerana namboariny io mba hisintaka kely. Hitan'Andriamanitra ny hatsaram-panahin'ilay vehivavy. Tsy nanan-janaka izy, ary noho ny fitiavany mampiantrano vahiny dia nanome fanomezana azy manokana Izy: zazalahy, zanany." (Ellen G. White. Patriarchs and Kings, p. 237).

Faharoa, nanome lova tsara ho antsika mahakasika ny fahaiza-mionona izy. Rehefa nanontany azy i Elia hoe inona no azony atolotra ho fankasitrahana azy dia namaly izy fa efa ampy azy ny anjara nomena azy teo amin'ny fiainany.

Inona no mety nangatahintsika tamin'i Elisa raha toa ka mba nanana fahafahana nanao izany isika? Fanampiana ara-bola? Trano lehibe kokoa ? Akanjo tsara kokoa? Asa tsara karama any amin'ny fanjakana? Saingy ilay vehivavy Sônamita dia afa-po tamin'izay efa nomen'Andriamanitra azy teo amin'ny fiainany.

Firy amintsika no mety manana izany toe-tsaina izany? Sa isika dia maniry fatratra ny hanana izay mety hananan'ny hafa _ eny mihoatra aza? Ny mpifanila vodirindrina amiko manana fiara lafo vidy. Ny fiarako sady kely no tsotra loatra.

Afa-po aho satria efa nomen'Andriamanitra ahy izay rehetra ilaiko. Azoko atao ny mampiasa ny fitahiana rehetra efa azoko, na dia io fiara kely io aza, mba hanampiana ny hafa izay mila fitaterana.

Ny ahy tery kely ny tranoko. Ny namako anefa vao nifindra teto an-drenivohitra dia nividy trano lehibe kokoa sady misy dobo filomanosana. Na izany aza dia tsy mitsiriritra aho satria efa nomen'Andriamanitra ahy izay rehetra ilaiko. Azoko atao ny mampiasa io trano tery ananako io hanampiana ireo mila fampiantranoana na fialofana.

Efa aman-taonany ny vadiko no niasa kanefa tsy mampidi-bola betsaka mihoatra ireo tanora vao manomboka miasa. Na izany aza, tsy avelako hitondra mangidy eo amin'ny fiainako izany fahatsapana izany. Nomen'Andriamanitra asa izy, noho izany ampiasainay ny fidiram-bolany hikarakarana ny fianakavianay sy ny fiangonanay.

Nisy olona iray niteny izao teny izao "ny fahaizana mianina dia tsy ny fananana ny zavatra irina, fa ny fankafizana izay ananana." Raha toa isika ka tsy faly amin'izay zavatra efa ananantsika, dia tsy ho afa-po velively isika raha mbola hahazo zava-baovao. Tsy afaka manome fitahiana mihoatra noho izay mety ho zakan'ny tanantsika Andriamanitra.

Fa na inona na inona mety tsy nananany, ilay vehivavy Sônamita dia feno fankasitrahana, ary izany fitoniana izany no nameno ny fanahiny.

Fahatelo, ilay vehivavy Sônamita dia namela hoantsika ny

ohatry ny toetra feno fiadanana sy ny fahatokiana. Tsy nasehony fotsiny izany, fa nozarainy tamin'ny manodidina azy ihany koa. Na dia teo aza ny loza nitranga teo amin'ny fiainany, ka nanodidina azy ny aretina tampoka sy ny fahafatesan'ny zanany, dia nanome toky ny vadiny izy. Tamin'ny fotoana feno ngidy sy nandaozan'ny olona tiany indrindra azy io, dia navelany ny fahatokiany an'Andriamanitra hitondra fiadanana tao anatiny. Vokany, nampian'Andriamanitra izy mba hisaina tsara ary haka izay rehetra ilaina hahafahany mitady fanampiana.

Mety manana izany fahatokiana izany ve izaho sy ianao, ka hiantehitra amin'ny herin'Andriamanitra mba hananantsika fiadanana ao am-pontsika? Na dia mandondona ao am-baravarantsika aza ny aretina sy ny fahafatesana ? Mety ho toy ity vehivavy ity ve izaho sy ianao ka hisafidy ny hino fa mifehy ny zava-drehetra Andriamanitra?

Fahefatra, ilay vehivavy Sônamita dia namela ny toetran'ny faharetana holovaintsika. Nino izy fa lehilahin'Andriamanitra i Elisa. Nino izy fa afaka manao fahagagana amin'ny alalan'ity mpaminany mahatoky ity Andriamanitra. Finoana sy fanantenana an'Andriamanitra no solika nampirehitra ny faharetany. Tamin'ny alalan'ny fanahy sy ny fanatonana, dia nitolona tamin'ilay mpaminany izy, tahaky ny nitoloman'i Jakoba tamin'ilay anjely nandritra ny alina (Gen 32:22-31). Ary tahaka a n'i Jesosy izay nanasitrana ny marary tao amin'ny Testamenta Vaovao noho ny faharetany tamin'ny finoana, Andriamanitra dia nanome vallim-pitia ny faharetana tamim-pahatokiana nananan'ilay vehivavy Sônamita. Tamin'ny alalan'i Elisa dia natsangany tamin'ny maty ny zanany lahy. Fantatr'ilay vehivavy Sônamita tamin'izay fa tia azy Andriamanitra.

Araka izay nosoratan'i Paoly taonjato maro lasa izay, *"Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'ilay tia antsika. Fa matoky aho fa na fahafatesana na fiainana na anjely na ireo fanapahana na ny zavatra ankehitriny, na ny zavatra hoavy na ny hery, na ny ambany na ny ambony, na inona na inona amin'izao zavatra hary rehetra izao, dia tsy hahasaraka antsika amin'ny fiavan'Andriamanitra izay ao amin'I Kristy Jesosy Tompontsika"* Rom 8:37-39, NIV.

Tahaka ilay vehivavy Sônamita, dia azontsika atao ny mahazo antoka fa na inona na inona eo anatrehantsika dia tsy hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra. Manana planina ho an'ny fiainantsika tsirairay Izy. Ary mandrotsaka ny fitahiany eo amin'ny fiainantsika izy. Inona no ataontsika sy ampiasantsika ireo fitahiana natolony eo am-pelatanantsika ireo? Ny iray tamin'ireo nanoratra tao amin'ny tahirin-kevitra hoe "Bible commentary" dia nilaza hoe : "Ny tsy famotsorana ny zavatra izay inoantsika dia mariky ny fahamatorana eo amin'ny zavatra irina." Alaim-panahy isika hiala rehefa miha sarotra ny toe-javatra. Kanefa, ny tsirairay amintsika dia tokony hangataka amin'Andriamanitra ilay faharetana tsy azo nohozongozonina nananan'ilay vehivavy Sonemita". Hamaly ny vavaka ataonao Izy.

**Famintinana**

Eto am-pamaranana, dia mamelà ahy hamerina zavatra ao antsainao. Tahaka ny niainan'i Marina Chapman, novonjen'ny fianakaviana tsara fanahy…. Tahaka an'i Maria izay nanaiky am-panetran-tena sy nankato rehefa nofidiana hitondra ny Zanak'Andriamanitra ao am-bohoka... Tahaka ilay vehivavy Sonemita izay naneho fahatokiana sy tsy nisalasala ny amin'ny andraisany valim-bavaka mandra-pahazony ny zanany nitsangana tamin'ny maty …. Isika ihany koa dia efa nandray fitahiana avy amin'Anriamanitra.

Fitahiana fatratra loatra!

Fitahiana mahafinaritra loatra!

Ankehitriny Andriamanitra dia miantso antsika mba hampiasa io fitahiana noraisintsika io ho Azy mba hitondra fitahiana ho an'ny hafa.

Izany no notanterahin'ireo vehivavy notantaraina tamintsika androany. I Marina dia manohy mikarakara sy mitondra fitahiana ho an'ny fianakaviany ary manome aingam-panahy ho an'ny hafa. Ny fahafatesana, sy ny fitsanganan'ny zanak'i Maria tamin'ny maty, Jesôsy izany, dia mbola manohy mamonjy antsika _ ho amin'ny mandrakizay- ho an'ireo rehetra mino Azy. Ny tantaran'ilay vehivavy Sonemita dia fijoroana ho vavolombelona tsy ho faty maneho ny fanohanana sy ny maha eo mandrakariva an'Andriamanitra. (Nialoha ny hahafatesany aza dia nozarainy tamin'ny mpanjaka ny fanandramany ary notahian'Andriamanitra izy noho izany. Jereo ny 2 Mpanj 8:1-6.

Eny àry, nifidy antsika Andriamanitra, namonjy antsika, nitahy antsika, ary nanova antsika ho voahary vaovao ao Aminy. Nomeny anarana vaovao isika: zanakavavin'Andriamanitra! Avy eo dia nomeny fitaovana isika _ isika izay voatahy tamin'ny fomba mahagaga _ dia tonga fantsona hitahiana ny hafa. Mahagaga sy mahatalanjona izany fahasoavana izany!

Ry namako, manasa anao aho androany mba hanaiky ny antson'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao. Raha efa nanao izany ianao teo aloha, dia fotoana mety izao hanavaozana ny fanoloran-tenanao amin'ny antso manokana miantefa aminao. Hitahy ny fanetren-tena anananao izy, ny finoanao ary ny faharetanao. Akoatra izany ho an'ny tsirairay avy amintsika, dia mahafinaritra tokoa fa hitahy ny fianakaviantsika Andriamanitra, ny fiangonantsika ary ny fiaraha-monina misy antsika sy ny firenentsika mihitsy aza. Hiseho eo amin'ny fiainantsika ny fanahiny, ary avy amin'izany fiainantsika izany no hitondrana fitahiana manana amby ampin'ny fahasoavany ho amin'ity izao tontolo izao rakotry ny haizina ity.

Andriamanitra anie hanosotra antsika tsirairay ka ho toy ny fanaka voafidy hanehoana ny fitiavany sy ny fahamarinanay ary ho fitahiana ho an'ireo rehetra manodidina antsika isika.

Ry namako, hitahy anao anie Andriamanitra!

Aoka isika hivavaka.

# Tantara hoan'ny ankizy :
# Miaraka amiko Andriamanitra

"Miaraka amiko Andriamanitra"

**Toko sy andininy ao amin'ny Baiboly:** ***"Mitady an'I Jehovah aho dia mamaly ahy Izy ka manafaka ahy amin'ny amin'ny tahotro rehetra"*** **- Sal 34:4.**

Manao ahoana daholo! Firy aminareo no tia mozika? Mihira? Mitendry zava-maneno? …….

Izaho dia tia mozika. Ny iray amin'ireo hira tiako indrindra dia ilay hoe "Ny tsintsina aza ahiany" Ny isan'andininy misy hoe : "Hihira aho fa faly, satria nomeny soa, ny tsintsina aza ahiany, maika fa izaho moa."

Firy aminareo no efa natahotra?

Fantatro fa ny ankizy dia matahotra haizina, ny sasany indray matahotra raha vao mipetra-drery. Ny sasany indray matahotra biby. Ny hafa kosa matahotra olona izay efa nampijaly azy.

Efa lehibe aho, saingy mbola matahotra. Mety hoe azonareo vinaniana ve hoe inona no mampatahotra kely ahy? ……….

Andraso fa holazaiko anao : ny mankany amin'ny dokotera ohatra dia mampatahotra ahy satria tsy tiako ny tsindronina. Iza aminareo no tia tsindronina. Tsy betsaka ny olona tia asiana marary kely.

Ny zavatra iray mampatahotra ahy ihany koa dia ny mitoetra eo amin'ny toerana kely, indrindra moa fa raha tsy afaka mihetsiketsika aho. Ny mampitony ahy rehefa matahotra aho dia ny hira, na dia tsy mamoaka feo aza fa ao an-tsaiko ao ihany.

Indraindray isika dia mahatsiaro tena ho irery sy nariana. Saingy ny mihira ao am-po dia manampy antsika handresy ny tahotra. Tadidinareo ve ilay lalàn'ny mpisava làlana hoe "Mihira mandrakariva ao am-po"? Ahoana no ahafahantsika mihira mandrakariva ao am-po? Rehefa fantatsika fa notahian'Andriamanitra isika, dia maniry ny hanome voninahitra Azy amin'ny alalan'ny fiderana isika. Arakaraka ny hiderantsika an'Andriamanitra no hahatonga izany ho zava-misy eo amin'ny fiainantsika.

Fa inona moa no mety ho hevitry ny hoe midera an'Andriamanitra? Amin'ny teny anglisy ny teny hoe midera dia hoe "praising". Toa azo zaraina roa izy io "pray + sing". Ny teny hoe "pray" dia midika hoe vavaka ary ny "sing" kosa dia midika hoe hira. Ny fivavahana amin'i Jesosy sy ny fihirana ny fitiavany dia manampy antsika handresy ny tahotra.

Ilay toko sy andininy ao amin'ny Sal 34 : 4 dia tokony ho ao an-tsaintsika mandrakariva. Mivavaka amin'ny alalan'ny Soratra Masina isika rehefa mamerina ireo teny ireo "Mitady an'i Jehovah aho dia mamaly ahy Izy ka manafaka ahy amin'ny amin'ny tahotro rehetra"

Ilay hira hoe : "Ny tsintsina aza ahiany" , dia miresaka amintsika ny mahakasika ny fitahian'Andrimanitra antsika sy ny fiarovany na dia manoloana ny vorona bitika indrindra aza." Ny ankizy ihany koa anie bitika e, saingy mijery ny tsirairay amin'izy ireo mandrakariva Jesôsy. Mety matahotra isika rehefa mianjera na voadona eo am-panaovana fanatanjahan-tena. Mety hatahotra isika rehefa tsy voafidy hilalao, na ihomehezan'ny hafa sy alainy baraka. Mety hatahotra isika rehefa tsy mahay toy ireo namantsika kinga kokoa. Amin'ireny fotoana ireny, dia afaka mangataka an'i Jesôsy hiaraka amintsika isika. Azontsika atao ihany koa ny mihira. Ny hira dia manampy antsika hahatsapa fitoniana sy hahatsapa ny fanatrehan'Andriamanitra eo anilantsika. Fantatr'Andriamanitra ny tahotra ao amintsika. Mahazo Azy izay rehetra mitranga eo amin'ny fiainantsika. Maniraka ny anjeliny Izy hiambina antsika sy hikarakara antsika. Nanome toky ihany koa izy fa tsy hisaraka amintsika na oviana na oviana.

Amin'ny manaraka, rehefa matahotra ianao, dia tsarovy fa mihevitra ny vorona kely indrindra Andriamanitra ary mihevitra anao amim-pahalianana ihany koa Izy.

Miantsoa ankizy iray hihira ny andininy voalohany ary hiaraho manao ny isan'andininy.

Aoka isika hivavaka : Ray malala ô, misaotra fa mikarakara ahy ianao. Ampio aho mba tsy hatahotra satria efa mahafantatra fa eo akaikiko mandrakariva Ianao. Amin'ny anaran'i Jesôsy, Amena.

# N aoty

# N aoty

## Tso-drano

*"Ary Andriamanitry ny fiadanana izay nitondra an'i Jesosy Tompontsika, mpiandry ondry lehibe, hiala amin'ny maty, mitondra ny ran'ny fanekena mandrakizay, Izy anie hahatanteraka anareo ho amin'ny tsara rehetra, hanao ny sitrapony ka hiasa ao anatinareo izay ankasitrahana eo imasonyamin'ny alalan'i Jesosy Kristy. Ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay, Amen."*

*(Heb 13:20, 21, The Living Bible).*